

FANONTANIANA SY VALINY

HEBREO FIZARANA II

✎ Tiako aloha ny hisaotra ny tsirairay avy aminareo izay naharary an'ilay hafatra mba "hivavaka ho an'ny vadiko." Izy dia tena, tena narary. Tsy fantatray hoe inona ilay izy, ary tsy fantatray izay niseho, fandòavana henjana be fotsiny ilay izy ary saika tsy nahatsiaro tena izy, ary ny tazo dia saiky dimy amby zato, tsy maintsy nihazona azy ho voarakotra tao anatin'ny bodofotsy misy lagilasy. Noho izany. . . fa mety tsara izy ankehitriny. Lasa daholo ilay tazo, ary ao tsara izy. Noho izany dia tena malemy izy, very eo amin'ny folo livatra eo, heveriko. Izy tsy. . . Izao hariva izao no nitelemany ny indray mandrapany voalohany hatramin'ny Alahady. Ary noho izany dia tena narary izy, ary natoky ny Tompo izahay ho azy, ka Izy no namoaka azy fotsiny. Ankehitriny dia tianay ny hiteny aminareo mba hanohy hivavaka mba hahazoany ny tanjany indray.

³⁰⁴ Ary ankehitriny, amin'io herinandro ho avy io, raha sitraky ny Tompo, dia tsy maintsy handeha any Miami aho. Ny sakaizako fahiny, Rahalahy Bosworth, dia hody any an-Trano, ary manakaiky ny zato taona izy ankehitriny. Koa niantso ahy izy, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, tongava hijery ahy izao ankehitriny izao, te-hiteny zavatra aminao aho alohan'ny andehanako." Ary izy. . . Eny, heveriko fa te-hivavaka ho ahy izy, sy hametraka ny tânany eo amiko fotsiny alohan'ny andehanany, fantatrareo.

³⁰⁵ Ary izaho—manantena aho fa afaka hamarana ny androko miaraka amin'ny laza iray tahaka an'i F.F. Bosworth. Amin'ny lehilahy rehetra izay fantatro eto amin'izao tontolo izao, ny lehilahy rehetra izay hany nihaonako teto amin'izao tontolo izao, dia tsy mbola nihaona tamin'ny lehilahy iray mihitsy aho izay tena niriaiko hitoviana, tahaka an'i F.F. Bosworth; toy—toy ny mpitoriteny iray, no tiako lazaina. Tsy mbola nandre olona iray mihitsy aho, nanerana an'izao tontolo izao, na taiza na taiza, hany nanao fanambarana iray mikasika an'i F.F. Bosworth afa-tsy hoe izy tamin'ny zavatra rehetra marina tokoa dia "Kristiana iray," ary tamin'ny zavatra rehetra dia "tena rahalahy iray."

³⁰⁶ "Ny fandehanana dia mamela dian-tongotra aoriantrika eo amin'ny fasiky ny fotoana." Rahalahy iray mahafinaritra izy, ary tena antitra ankehitriny, manakaiky ny zato. Noho izany izy dia—handeha hody any an-Trano fotsiny izy, izay ihany, ary izy no niteny tamiko. Fantany fa handeha izy, fa miandry fotsiny. Nilaza izy fa ny fotoana mamy indrindra an'ny fiainany dia

izao ankehitriny izao izay iandrasany fotsiny, saingy nilaza hoe fantany fa handeha izy.

³⁰⁷ Hoy aho hoe, “Tokony handeha any Michigan aho amin’ity herinandro ity, Rahalahy Bosworth.”

³⁰⁸ Dia hoy izy hoe, “Eny, aza atao ela loatra ilay izy, Rahalahy Branham, tsy afaka haharitra ela intsony aho. Miha-malemy isan’andro aho.”

³⁰⁹ Noho izany dia efa sakaiza iray tena akaiky ahy izy, ka tsy handeha aho. Ankehitriny, raha tsy maintsy handeha fiaramanidina any aho, izaho dia—hiverina amin’ny fiaramanidina aho ary angamba ho tafaverina fara-faharatsiny amin’ny Alahady hariva; raha tsy izany, eny, amin’izay fotoana izay dia tsy maintsy hamily fiara aho, ka mety hihazona ahy elaela kely izany.

³¹⁰ Ary mivavaha ho an-dRahalahy Bosworth. Mivavaha fotsiny mba Andriamanitra... ary rehefa maka an’ilay patriarka Izy, mba Handefasany kalesy afo iray fotsiny ka hampakatra azy, hitanareo. Tiako izy, efa dada iray izy ho ahy.

³¹¹ Lehilahy antitra iray hafa... izy sy Rahalahy Seward. Izaho—somary miandany kely amin’ireo olona antitra aho, izaho—tiako izy ireny. Ary Rahalahy Seward antitra, izy dia lasa natory tahaka an’izany, ihany koa. Mazava ho azy, Rahalahy Seward dia tsy tena antitra, tsy mihevitra aho, tahaka an-dRahalahy Bosworth.

³¹² Ary mivavaha ho an-dRahalahy Bosworth. Ny zavatra rehetra dia tsy raozy manerana an’ilay toerana, fa izany dia—izany dia... Mila ny vavakareo izy, saingy tsy ho an’ny inona na inona loatra afa-tsy ny... mba hamelan’Andriamanitra azy handeha amin’ny fiadanana.

³¹³ Ankehitriny... Ary avy eo dia tianay ny mampahatsiaro, ihany koa, fa rahampitso, raha sitraky ny Tompo, dia handevina ny anankiray amin’ireo sakaizantsika avy amin’ity fiangonana ity izahay, Rahalahy Sol Coates. Efa teto izy nandritry ny fotoana maro, niasa tao amin’ny biraon’ny paositra nandritry ny taona maro. Ary maty tao amin’ny Veterans Hospital izy indray alina. Izaho sy Rahalahy Cox no nandeha tany nijery azy, ary izy dia nanana... tena ambany. Ary lasa izy ankehitriny, Kristiana iray. Ary tsy maintsy handevina azy izahay avy ao amin’ny Tranom-Paty Coots rahampitso tolakandro amin’ny iray ora, izaho sy Rahalahy Neville. Ny Neville feo telo no hihira; ary hizara ny fotoana izahay, izaho sy Rahalahy Neville. Izany dia, tsy fantatro hoe oviana marina no nanaovanay an’ireo fandaminana, ary nohon’ny amin’i Meda. Koa noho izany, arak’izany, ny fotoam-pandevenana azy dia rahampitso tolakandro amin’ny iray ora, ao amin’ny Tranom-Paty Coots.

³¹⁴ Ary noho izany, amin’ny roa ora, amin’ny Zoma, Atoa. Wheeler iray. Izahay dia niantso azy hoe Pod Wheeler; izy

dia, adinoko marina hoe inona marina no... Ary, fantatrareo, izaho—hitako tao anatin'ny gazety fotsiny ilay izy ka tsy fantatro hoe iza izany, mandra-pahitako. Mpiara-monina aminay nandritry ny taona maro izy, ary—ary vao maty izy. Teto anoloan'ny fiangonana teto izy, indray hariva, ary niezaka aho ny hanao azy ho tonga tato am-piangonana. Indray hariva, teo amin'ny telo herinandro lasa izay, nitsangana teo mihitsy izy, ary niezaka ny nandresy lahatra azy fotsiny aho hiditra tato am-piangonana. Satria, tsy mihevitra aho fa nandeha tany am-piangonana izy na nanana filazana iray mikasika ny karazany iray, kanefa dia manana zazalahy iray izy izay mpitory teny Batista iray. Fa tsy nanana filazana iray izy araka ny fantatro, ary lasa izy ankehitriny mba hihaona amin'Andriamanitra. Noho izany dia ho amin'ny Zoma tolakandro amin'ny roa ora izany ao amin'ny Tranom-Paty Coots. Ary koa, Rahalahy Neville sy izy ireo no hihira, ary ao amin'io fotoam-pandevenana any io.

³¹⁵ Koa noho izany, raha misy aminareo te-hanatrika an'ireo fotoana, dia rahampitso amin'ny roa izany, na, rahampitso amin'ny iray. Heveriko fa izay no marina. Sa tsy izany ve, rahalahy? Ary amin'ny roa, ilay anankiray hafa. Marina ve izany? Amin'ny roa, ao amin'ny Tranom-Paty Coots.

³¹⁶ Ary ankehitriny, amin'ny Alahady maraina... Sabotsy dia hisy an'ilay fandaharana. Ary Rahalahy Neville angamba no hampahafantatra anareo, amin'izay fotoana izay, hoe inona marina... raha afaka manana asam-panasitranana isika ho an'ny Alahady hariva, na fotoana inona no hiverenanay raha handeha fiaramanidina aho ho any—ho any Florida mba hijery an-dRahalahy Bosworth. Tsy fantatro marina hoe ahoana no hialako aminy, sakaiza fahiny iray tena malala izy. Ary angamba izany no fotoana farany hihaonanay, raha, avelan'ny Tompo izany, eto amin'ity tany ity. Ary izy... tsy fantatro raha afaka hiala aminy avy hatrany aho na tsia; fa tsy tiako ny hiala aminy, saingy, fantatrareo hoe ahoana ilay izy, manana zavatra hafa tsy maintsy atao ianareo.

³¹⁷ Ankehitriny dia misy filazana anankiray izay tiako ho lazaina ity raha mbola tsy misy be loatra eto, sy ireo olona izay sakaizako.

³¹⁸ Faly aho ny mahita an-dRanabavy Smith eo. Ny fotoana voalohany nahitako azy hatramin'ny ela. Manao ahoana ianao Ranabavy Smith? Taona iray, oadray, mino aho fa ny fotoana farany nahitako anao... [Miresaka Ranabavy Smith—Mpand.] Tany Benton Harbor, manantena aho ny handeha any indray andro any. Mahafinaritra izany. Mino aho fa ny fotoana farany nahitako anao, dia tao amin'ny fotoam-pandevenana iray tany Louisville. Ary tsaroako tsara mihitsy Ranabavy Smith. Ahoana fa izahay... nandeha naka azy aho taloha tamin'ny fiarabe iray rehefa nandeha nankany am-piangonana izahay. Taran-tsaribao tranainy no tao aorian'izany ka nikopakopaka ireo sisin'ilay

fiara, ary nangatsiaka tamin'izany; ary izaho, ny tongotra iray nipetraka tany ivelany. Oh, oadray. Rano betsaka no nandalo tao ambanin'ilay renirano hatramin'izany, Ranabavy Smith. Eny, tompoko. Eny, misaotra ny Tompo isika noho ireo fahatsiarovana sarobidy ireo, ary mbola tia Azy foana.

³¹⁹ Zavatra anankiray, mety manontany ny olona iray, indray hariva... Niresaka tamin-dRahalahy Fleeman aho teto andalambe teto. Ary matetika ny olona iray dia nanao hoe, "Vantany vao tapitra ny fotoana, dia inona no manao andRahalahy Branham hiala avy hatrany ka mandeha?"

³²⁰ Ity ilay izy, irery ny vadiko. Hitanareo? Ary raha manomboka miresaka aho, dia hiresaka aho ny antsasaky ny alina, ary any izy, mipetraka any irery amin'ny ankamaroan'ny andro. Ary izany no antony hivoahako haingana, mba hiverina ho any aminy, hitanareo, amin'ny andro hariva; satria raha manomboka miresaka aho, dia miresaka ela loatra. Hiresaka amin'ity anankiray ity aho mandritry ny antsasak'adiny. Tsy afaka handalo fotsiny aho ka hanao hoe, "Manao ahoana *ianao* izao hariva izao? Manao ahoana *ianao*? Manao ahoana *ianao*?" Tsy manao an'izany aho. Mijanona fotsiny aho ary mandeha miresaka; ary manomboka miresaka mikasika zavatra iray ny olona iray, amin'izay fotoana izay dia eo aho mandritry ny adiny iray. Hitanareo? Ary izany no antony, mipetraka izy ary miandry sy ny sisa. Ary izany no anton'ilay izy. Tsy tiako fotsiny ianareo hieritreritra fa izany dia satria tsy tehihaona amin'ireo sakaizako aho ka handray ny tanan'izy ireo, ary haneho ny fiombonanay sy ny sisa, fa izany fotsiny ilay karazan'ny zava-misy.

³²¹ Noho izany, ankehitriny, ny tsirairay avy aoka ho ao amin'ny vavaka ho an'ny marary sy ny ory.

³²² Ary Rtoa. Harvey dia ao anatin'ny io olana rehetra io, miha-tsara izy. Eny, tompoko. Ary izaho tsy mahita... izaho... Ankehitriny dia mety misy, araka ny fantatro, olona iray, dokotera iray eto. Ary raha diso aho eto amin'ity lampihazo ity, dia hamela ahy anie Andriamanitra. Saingy mino aho fa Andriamanitra no hihazona an'ireo dokotera ireo ho tompon'andraikitra amin'izay nataony tamin'ilay vehivavy. Izaho—mino ny fandidiana aho, mino ny fitsaboana aho. Izany tokoa, mino an'izany aho. Heveriko fa Andriamanitra no nandefa azy ireo eto mba hanampy antsika, mitovy mihitsy amin'ny Nandefasany an'ireo mekanika ho an'ny fiara sy ny sisa. Fa io vehivavy kely io, ilay dokotera no nametraka azy teo, ka nanao hoe, "Feno homamiadana izy, tsy misy na inona na inona azo atao." Ilay reny kely an'ny andian'ankizy iray.

³²³ Nandeha nankany aminy aho, ary niezaka nanazava taminy hoe ahoana fa amin'ny alalan'ny vavaka... Ary—ary vehivavy tanora iray mihitsy izy, eo amin'ny dimy amby roapolo taona.

Ary ahoana fa nanasitrana ny zanany kely Andriamanitra, izany dia nantsoina hoe “ilay zazakelin’ny fahagagana” tany amin’ireo hopitalin’ny ankizy ankehitriny, an’ireo meningite. Ary toerana mahatsiravina toy ny ahoana no—no nisy an’ilay ankizy kely, fa nanasitrana azy teo no ho eo fotsiny ny Tompo. Izy ireo, ireo dokotera, dia tsy afaka nahazo an’izany. Nandeha nankany amin-dRtoa. Harvey aho, ka hoy aho hoe, “Ankehitriny, Rtoa. Harvey, mandao anao ve ireo dokotera?”

324 “Eny, tompoko. Ilay izy dia . . .”

325 Ary hoy ny vadiny hoe, “Eny, tsy misy na inona na inona azo atao, feno homamiadana tanteraka mihitsy izy.”

326 Hoy aho hoe, “Eny, ankehitriny ny tiansika hatao, dia ny mino an’Andriamanitra, mba Andriamanitra no—no hanasitrana an’ilay . . .hanasitrana anao.” Ary hoy aho hoe, “Ahoana no itrangan’izany, mety tsy hiala avy hatrany ilay homamiadana; fa raha mivavaka isika, amin’izay fotoana izay dia miala ny ain’ilay homamiadana. Mety mbola harary vetivety ianao, ary—ary” hoy aho “mety ho tony eo no ho eo ianao.” Dia hoy aho hoe, “Avy eo afaka andro vitsy dia mety harary kokoa noho ny hatramin’izay ianao.” Fa hoy aho hoe, “Tsy maintsy mametraka ny finoanao hanohitra an’ilay homamiadana ianao.” Hoy aho hoe, “Raha velona ilay homamiadana, dia maty ianao. Raha maty ilay homamiadana, dia velona ianao.” Koa hoy aho hoe, “Ankehitriny dia hivavaka isika.”

327 Dia nivavaka izahay, ary araka ny porofo rehetra izay hitako, dia Andriamanitra no nikasika ny vatan’ilay vehivavy. Ary niha-tsara kokoa avy hatrany izy, lasa izy nijery ny reniko, nitsidika ny mpiara-monina nanodidina izy, (fony izy tena tao anatin’ny fahoriana) tsy nanana fanaintainana intsony. Ary avy eo afaka telo andro dia nanomboka niha-narary indray izy.

328 Ary tamin’izay dia hita fa ilay tanàna no nilaza fa izy ireo “no handoa ny faktioran’ny dokotera, raha handidy an’izany ireo dokotera.”

329 Ary ankehitriny raha diso aho, dia hamela ahy anie Andriamanitra. Fa nentin’izy ireo io reny tanora io, nampiasa ny “cobaye” iray taminy. Nentin’izy ireo tany izy, ary nesoriny avy tao an-kibony mihitsy aza ireo tsinainy, sy ny sisa. Nalain’izy ireo ny avy ao amin’ny fantsom-pivalanan-drano sy ny avy ao amin’ny tsinay, ary navoakan’izy ireo teo amin’ny valahany. Ary teo ambonin’ny latabatra fandidiana izy nandritry ny adiny sivy ora mahery. Hoy ilay mpampivelona hoe, “Tahaka ny fivarotan-kena iray ilay izy, rehefa natsipin’izy ireo nifindrafindra toerana ireo tao anatiny, ary nasiany atodim-pananahana plastika sy fantsona plastika.” Mahitsy izany, saingy marina izany. Ary ireo tsinay plastika sy ny sisa tahaka an’izany, ary namela an’ilay vehivavy hipetraka tao amin’io toerana io, reny kely iray.

Milaza aho, amin'ny fomba fieritreretako azy, fa meloka amin'ny famonoana olona ireo dokotera ireo.

³³⁰ Niteny tamin'izy ireo izy, hoy izy hoe, “Nivavaka ho ahy Ranadahy Branham.” Ary hoy izy, “Hino izahay fa ny homamiadanay dia . . . fa maty ilay homamiadana.”

³³¹ Hoy izy, “Manana vaovao iray ho anao aho, ‘Velona ny homamiadanao.’”

³³² Ahoana no nahafahany niteny an'izany? Tao amin'ilay anatin'ny ilay izy, tsy misy rayon X afaka hiteny an'izany. Ny homamiadana dia . . . Tsy afaka miteny homamiadana amin'ny alàlan'ny rayon X ianareo, izy tenany dia nofo, tsy afaka mahita azy ianareo. Zavatra tokana ihany no atao, manapaka an'ilay vehivavy dia mandidy azy ho potipotika. Izay ihany. Ankehitriny raha reny kely iray ilay izy, dia ho navelako hitsapa ny finoany manoloana an'Andriamanitra izy raha tokony hampiasa “cobaye” iray tamin'ny olona iray tahaka an'izany. Ankehitriny raha izaho—raha diso aho, raha izaho—raha ratsy ilay antony ananako, dia tiako hamela ahy Andriamanitra, hitanareo. Satria tsy tiako ianareo hihevitra fa tsy mino ny fandidiana aho na tsy mino ny dokotera sy ny sisa. Mety tsara daholo izany. Saingy heveriko fa ianareo dia tokony hahafantatra an'izay ataonareo alohan'ny hangaronanareo ao anatin'ny olona iray, tsy hampiasa azy ireny fotsiny ho traikefa tahaka an'izany. Marina izany. Ary ankehitriny, mazava ho azy, fa tsy afaka ny ho velona izy. Izay ihany. Raha velona izy, dia izany tokoa no ho iray amin'ireo fahagagana lehibe indrindra izay hany nitranga. Rehefa niondrika ilay vehivavy ka nahita an'ireo tsinainy teo amin'ny ilany iray, ary ireo voany dia tsy maintsy nihetsika teo amin'ilay ilany hafa, dia torana fotsiny tahaka an'izao izy, torana . . . Nahoana, izany tsy zavatra iray . . . vita ny amin'ilay zavatra kely mahantra. Ary reny antitra kely eo amin'ny roa amby roapolo na dimy amby roapolo taona fotsiny miaraka amin'ny ankizy telo na efatra ho tezaina. Zavatra mahonena indrindra izay hany reko teo amin'ny fiainako. Hoy aho hoe, “Amin'ny fomba fiheverako azy, dia ilay dokotera no meloka amin'ny . . .” Raha naka an'io vehivavy io ho an'ny traikefa iray fotsiny izy satria ilay tanàna no handoa an'ilay izy, amin'izay fotoana izay dia ratsy izany, tsy tokony navela izany.

³³³ [Manontany ny lehilahy iray raha afaka mamerina an'ilay vehivavy Andriamanitra—Mpand.] Eny, teneniko aminao, rahalahy, izany dia tsy hoe tsy azo atao. Ary izany dia—izany dia tsy . . . Izany dia—azo atao izany, ary mety hiseho ihany koa. Satria mahafantatra lehilahy iray izay nanana sandry iray niala aho, tany California (ianareo rehetra ihany no manaraka an'izany ao amin'ny gazety), izay nivavahana, ary *ity* sandry ity izay tsy nisy nanomboka *teto*, dia naniry hany ka nivoaka avy tao aminy ireo rantsan-tànana ankehitriny; hatramin'ny kiho, hatramin'ny hato-tànana, hatramin'ny tànana, ary ireo

ampahan'ny tonon'ny rantsan-tànana dia niverina teo amin'ireo rantsan-tànana, hitanareo. Izany dia tao amin'ny, mino aho, ny *Herald of Faith* isam-bolana. Nanao ny tànany nitsotra tahaka an'izao mihitsy aza izy; naneho an'izany teo amin'izay nisy ny sandriny tsy nisy, izay naniriany. Toy ny ahoana no nahatongavany isam-bolana, nandritry ny herintaona teo.

334 [Miresaka amin'ny fiangonana indray ilay lehilahy—Mpand.] Azo antoka, marina izany. Mino aho. . . Izany—izany—izany dia zavatra mahalana, hitanareo, zavatra iray tena mahalana izany. Matetitetika no nandrenesako an'izany. Ankehitriny, niaraka tamin-dRahalahy Bosworth, nivavaka ho an'ny vehivavy iray izy indray hariva. Ary nanana anankiray aho tao amin'ny fivoriako. Fa ny an-dRahalahy Bosworth dia teo no ho eo; ny ahy dia nila naharitra kely ny nahavitan'izany.

335 Nivavaka ho an'ny vehivavy iray izy. . . Ankehitriny, namaky ny fijoroana vavolombelon'ilay vehivavy aho. Tratry ny homamiadana, tsy nisy orona; nihinana ny orony tanteraka. Ary ny ampitso maraina dia nanana orona iray ilay vehivavy. Ankehitriny, fantatro ity. . . Ankehitriny, izany ny an-dRahalahy Bosworth, ao amin'ny bokiny antsoina hoe *Christ The Healer*, mino aho, na, *The Joy Bringer*, ny iray. Ankehitriny, izany dia ao anatin'ny fijoroana vavolombelon'ilay vehivavy, miaraka amin'ny anarany sy ny adiresiny. Ary manana an'ireo mpiara-monina sy ireo dokotera sy ny sisa hafa izy mba hanaporofo an'izany, hoe nitranga ilay izy.

336 Ankehitriny, tany Little Rock, Arkansas, indray hariva tao amin'ny efitra iray, nivavaka aho tany. . . tsy Little Rock, fa Jonesboro. Fa nivavaka aho. . . Hoy aho hoe, “Hijanona tsara aho mandra-pivavako ho an'ilay olona farany.” Valo andro sy valo alina aho no teo amin'ny lampihazo, hitanareo. Ary tamin'izay fotoana izay. . . ary tao amin'ilay efitra tany dia nisy vehivavy iray nanatona, nanao ny mosarany ambony tahaka an'izao, dia nieritreritra aho fa nitomany izy. Dia hoy aho hoe. . . Oh, ataoko fa tamin'ny roa na telo ora maraina tamin'izany, hoy aho hoe, “Aza mitomany, ranabavy, Andriamanitra no Mpanasitrana.”

337 Hoy izy hoe, “Tsy mitomany aho, Ranadahy Branham.” Nesoriny ilay izy; tsy nanana orona izy, hitanareo. Ireo dokotera dia efa nilaza. . . Ny homamiadana no nihinana hatrany amin'ilay taolana fotsy tao amin'ny. . . niseho izy ireo. Dia nivavaka ho azy aho, ary nangataka tamin'ny Tompo mba hanasitrana azy.

338 Ary teo amin'ny herinandro efatra na dimy taorian'izany, dia tany Texarkana aho. Ary nisy lehilahy mihaja tsara akanjo iray nipetraka teo, hoy izy hoe, “Afaka manao teny iray fotsiny ve aho, Rahalahy Branham?”

339 Vantany vao niakatra teo amin'ny lampihazo izy, dia niezaka nampangina azy ny iray tamin'ireo mpampiditr'olona. Hoy aho hoe, “Eny, ndao jerentsika.”

340 Hoy izy hoe, “Fantatrao ve ity ramatoa tanora ity?”

341 Hoy aho hoe, “Tsia, tsy fantatro.”

342 Hoy izy hoe, “Raha nijery an'ity sary ity ianao dia ho nahafantatra azy.” Ary mpandraraka fanafodim-bibikely iray izy tany—tany Texarkana, ary reniny io vehivavy niaraka tamin'ny orona iray tena vaovao naniry io, tena nitovy mihitsy tamin'ilay hafa.

343 Ankehitriny izany no maneho fa Andriamanitra . . . Nahita an'izany vita natao aho. Ankehitriny, Andriamanitra dia afaka manao an'izany ho an'ilay Rtoa. Harvey kely. Ary mivavaka aho mba Hanaovany, satria te-ho velona ilay zavatra mahantra kely.

344 Rahalahy Tony, nanana zavatra anankiray ve ianao? [Mitatitra fanasitranana iray Rahalahy Tony—Mpand.] Marina izany. Amena. Amena. Eny, izany dia tsara, ihany koa. Eny, azo antoka fa Hataony izany, Izy dia Mpanasitrana iray.

345 [Mitantara ny lehilahy hafa iray—Mpand.] Eny. Eny. Eny, rahalahy. Amena. Azo antoka. Hia. Hanana antoka aho . . . Ary hanantena aho fa hamerina an'izany aminao Andriamanitra, anaka, afaka mamerina an'ilay izy avy hatrany ianao ka maneho aminy. Tena marina tokoa izany. Izany dia fijoroana vavolombelona iray ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, mivavaha mba hanaovan'Andriamanitra an'izany. Oh, Izy—Izy . . . Raha Izy no Andriamanitra Tsitoha, dia afaka manao ny zavatra rehetra Izy. Raha tsy afaka manao an'izany Izy, ny zavatra rehetra, dia tsy Andriamanitra Tsitoha Izy.

346 Misy zavatra iray izay nanao antsika ho amin'izay maha-izy antsika, amin'ny fomba maha-izy antsika, raha tsy izany isika dia ho nanana lo—loha iray tahaka ny vorona iray, na zavatra tahaka an'izany; raha tsy nisy ny Fisainana ambony iray ambadikantsika mba hanao ny tsirairay avy amintsika hiaraka amin'ny toetra manokana iray, mba hanao hazo ôka iray, hazo amontana iray, hazo palma iray, ary—ary fahasamihafana eo amin'izy ireo amin'izay—izay maha-izy azy ireo. Manao antsika tsy miaraka . . . ny sasany miaraka amin'ny volom-biby, ary ny sasany miaraka amin'ny volom-borona, ary ny sasany miaraka amin'ny hoditra, ka ianareo . . . Hitanareo, izany dia—izany dia Fisainana ambony iray ao ambadik'izany, izay—izay mitantana an'izany. Mazava ho azy fa Izy no mihazona ny zavatra rehetra eo an-Tànany. Ary fantatro fa afaka manao ny zavatra rehetra Izy. Ary hivavaka ho an'izany isika, hivavaka isika.

347 [Miresaka avy ao amin'ny fiangonana ny lehilahy iray hafa—Mpand.] Marina. Isika dia manana . . .

348 [Hoy Ranabavy Snyder hoe, “Ranadahy Billy, miala tsiny aho.”—Mpand.] Eny, madama, mety tsara daholo izany, mandrosoa. [Mitatitra Ranabavy Snyder fa “sitrana” rehefa nivavaka ho azy Rahalahy Branham indray Alahady.] Amena. Fantatrao, efa niezaka aho ny hihevitra, Ranabavy Snyder, indray mandeha rehefa nitsangana teto aho tao amin’io hosotra io, nieritreritra aho...Niteny tamin-dRahalahy Cox aho, hoy aho hoe, “Tsy hiezaka intsony mihitsy aza aho hanana an’ireo fivorian’ny famantarana ao amin’ny tabernakla.” Oh, tsy fantatrao hoe ahoana no amelezan’ny devoly ahy manodidina an’ilay vodi-hazo, ranabavy. Ahoana—ahoana no anaovany an’izany! Fantatrao, miteny amiko mikasika an’ireo famantarana ireo.

349 Ary eto, sendra hitako fa ny rahavavin-dRtoa. Wood eto...Tsy mbola nahita ny iray tamin’ireo havany aho. Andiany iray tamin’izy ireo no sitrana nandritr’io fotoana io, ary ny tsirairay...Nahoana, fantatrao, isan-jatony betsaka tamin’ireo olona ireo no sitrana. Ary taorian’ilay...Ilay zavatra hafahafa ankehitriny; ny rahavaviny, nihinana sakafo hariva niaraka tamin’ny aho indray hariva, teo amin’ny roa herinandro talohan’io,...Oh, izany dia tany amin’ireo tendrombohitra any Kentucky, ary izaho—fantatro fotsiny fa nanana feo iray tahaka an-dRtoa. Wood izy, ary tsy nazava loatra tao amin’ilay efitra. Ary tsy niraharaha azy mihitsy aho na ahoana na ahoana, izaho dia, niresaka betsaka tamin’ny vadiny, izy nanao ny sakafo hariva ho vonona. Ary nivoaka izahay ka nipetraka ary nihinana; dia niverina niditra, niresaka tamin’ny vadiny aho, nitsangana ary lasa nivoaka. Ary Andriamanitra Izay Mpitsarako masina no mahafantatra (mitsangana eto akaikin’ity polipitra ity) fa tsy nahafantatra an’io vehivavy io mihitsy aho.

350 Ary tamin’izay fotoana izay rehefa tapitra ny asam-panasitranana, dia nanao antso ho eny amin’ny alitara aho ho an’ny mpanota mba hibebaka. Ary efa tena niavona nanohitra an’izany izy; fa nibebaka izy ary nanome ny fiainany ho an’i Kristy, nanangana ny tany hoe hanolotra ny fiainany ho an’i Kristy izy, ary nitomany. Rehefa lasa ilay hosotra rehetra; nanao ny antsoko ho eny amin’ny alitara aho, sy ny sisa. Ary tamin’izay fotoana izay sendra nitodika aho, dia indro ny fahitana iray, ary nahita ny anadahiny aho; izay anabavy iray, ny rahavaviny izany, ary niaraka izy ireo.

351 Ary noheveriko fa vadin’i Charlie ilay izy, satria fantatro raha nipetraka teo amin’ny latabatra indray andro, tany tao amin’ny—tao an-tranon’i Charlie...Ny vadiny kely, zavatra bitika kely, nasehon’ny Tompo ahy ny olana iray izay nananany. Ary hatramin’io ora io mihitsy, dia nikasika ny vatany ny Tompo, raha nipetraka teo amin’ny latabany ankehitriny. Tony, teo amin’izay nisy anay, tany, dia nihaza vontsira. Ary nikasika

ny vatany ny Tompo ka nanala an'io zavatra izay tsy maintsy nentiny io nandritry . . . mandritry ny sisa amin'ny fiainany, niala taminy; raha nipetraka teo mihitsy izy. Ary ilay vehivavy kely dia nihinana foana teo amin'ny faran'ilay latabatra hafa, fa androany, dia manatona avy hatrany izy, ary mamindra ny sezany, ka mihinana eo akaikiko mihitsy. Tsy fantany mihitsy izay nataony. Ny vadiny nipetraka tahaka an'izao, ary Rahalahy Banks nipetraka teto, ary niresaka izahay. Dia nifindra izy, ary naka ny sezany, ka nametraka an'izany teto akaikiko. Ary ho an'ny tanjona iray izany, naneho fahitana iray teo mihitsy ny Tompo. Dia niantso ny vadiny hivoaka aho, satria aretin-dramatoa ilay izy, nanomboka niteny taminy mikasika an'izay nitranga. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, izany marina tokoa no fomba nitrangan'ilay izy, tahaka an'izany marina tokoa." Dia teo no nitenenany taminy, ka nanasitrana azy ny Tompo. Eny àry.

³⁵² Ary avy eo rehefa nifarana ny fotoana indray hariva, ary ity anabavy hafa ity, nahita an'io Charles tanora io sy io vehivavy io niaraka aho. Nieritreritra aho hoe, "Tsy maintsy ho ny vadiny io; saingy ny vadiny dia mena volo, ary ity dia vehivavy mainty volo iray." Ary sendra nahamarika aho fa nifindra teto amin'ny zorony iray teto ilay fahitana. Ary nipetraka teo izy namafa ny masonry ary nanome fahitana iray ny Tompo rehefa izy avy . . . ny antso ho eny amin'ny alitara . . . rehefa tapitra ny fivoriam-bavaka, ny fanasitranana ny marary, dia natao ny antso ho eny amin'ny alitara, ka niandry Andriamanitra mba hibe bahany sy hanolorany ny fiainany ho Azy ary avy eo dia namadika ka nanasitrana azy. Ary izy dia efa nanana . . . ireo aretiny dia nanao azy hivonto nandritry ny taona maro. Ary nihena betsaka izy, sy ny sisa, hany ka nikipetraka mihitsy aza ny tongony rehefa niala taminy ny rehetra (ireo poizina) niala tamin'ny vatany. Mahatsapa ho tsaratsara kokoa noho ny tsapany hatramin'izay nandritry ny taona maro izy, hitanareo. Ary ahoana no anaovan'ny Tompo an'izany amin'ny alàlan'ny Fahasoavany mahagaga! Heveriko fa saiky izany ilay tantara; sa tsy izany, Ranabavy Wood? Ary ahoana no Anaovany! Taorian'ny . . . Ahoana hoe? [Hoy Ranabavy Wood hoe, "Very fito livatra izy tamin'ny herinandro lasa."—Mpand.] Fito livatra tao anatin'ny herinandro iray. Oh, Andriamanitra Izy! Sa tsy izany Izy?

³⁵³ Ankehitriny, hoteneniko aminareo, ny antony nilazako tamin-dRahalahy Neville . . . Nihevitra aho fa angamba nanana hafatra iray izy ho an'izao hariva izao. Hoy izy hoe, "Tsia," tsy nanana izy. Ary manana fanontaniana vitsy aho eto izay tavela, tsapako am-pieritreretana fa voatery ho tonga eto aho ka hamaly an'ireto fanontaniana ireto. Noho izany dia mbola manana roa na telo amboniny aho izay angamba tsy ho vitako izao hariva izao.

³⁵⁴ Tiako ny haneho aminareo fa ny sasany dia natolotry ny mpitory teny iray. Rahalahy Neville fotsiny, na, Beeler no nitondra azy ireo fotsiny ho ahy. [Mamaly an'ireo fanontaniana valo manaraka Rahalahy Branham ao amin'ny Fizarana III, manomboka amin'ny andalana 668, araka ny fanontaniana nomerao 67 hatramin'ny 74—Mpand.]

Maneho inona ireo vato ao amin'ny Apokalypsy 21:19 sy 20?

Azavao ireo biby efatra an'ny Apokalypsy 5... Ny tiany lazaina dia 6; tsy Apokalypsy 5 ilay izy, ilay izy dia 6, heveriko.

Ary iza ireo loholona efatra amby roapolo?

Inona no dikan'ilay kofehy jaky an'ny Genesisy 38?

Halefa aiza ireo fanomezana raha mifandraika amin'ny fahafatesan'ireo vavolombelona roa, Apokalypsy 11?

Ho aiza ireo olo-masina aorian'ny fanjakana arivo taona? Ary karazana vatana inona no ho azon'izy ireo?

Ahoana no hitsarantsika an'ireo anjely?

Lasa inona ireo volo nohon'ny amin'ireo anjelin'ny Korintiana Voalohany?

³⁵⁵ Miresaka ny amin'ireo sasany tsara ve ianareo, izany no sasany tsara. Tsy haka an'izy ireo angamba aho izao hariva izao, fa raha sitraky ny Tompo, dia hiezaka aho ny haka azy ireo amin'ny fotoana manaraka izay hahatongavanay ho an'izany.

³⁵⁶ Manana sasany tena tsara aho eto izao hariva izao; noho izany dia hivavaka fotsiny isika ankehitriny ary hangataka ny Tompo mba hanampy antsika, ary dia hiditra avy hatrany amin'izy ireo isika amin'ireo, oh, dimy amby telopolo, efapolo minitra manaraka.

³⁵⁷ Ankehitriny, Ray any An-danitra isaorana, mankasitraka Anao izahay ny amin'izay rehetra Nataonao ho anay. Ary, oh, tena mahagaga hoe ahoana fa ny fahasovanao dia nidina hatreto aminay. Mieritreritra aho ankehitriny, an'ilay indray hariva, ary ilay namako kely, oh, tena narary, ka tonga teo amin'ny sehatra Ianao. Nanomboka rava ny tazony hatramin'io ora io mihitsy, ary nifarana tanteraka izany ankehitriny. Misaotra Anao aho. Ary ny...mivavaka fotsiny aho mba Hombanao ny isanisany sy ny tsirairay avy izay nametraka fangatahana izao hariva izao. Ary kely no ahafantaranay, mandra-pahatongan'izany ao an-tranonay manokana, hoe inona no dikan'izany, vavaka kely iray. O Andriamanitra, inona... ahoana—ahoana fa lasa tena misy Ianao. Amin'ilay ora izay hanalaviran'ny dokotera iray, ka hanao hoe, "Tsy fantatro, tsy mbola nahita zavatra mihetsika tahaka an'izao mihitsy aho," ary amin'izay fotoana izay no miditra eo amin'ny sehatra ny Tompo Jesusy.

³⁵⁸ O Andriamanitra, tena misy Ianao aminay, ary tena faly izahay ny amin'izany. Mivavaka izahay mba Hamelanao anay rehetra ny amin'ny fanaonay kamo, sy ny fomba fanaonay adala. Ary, oh, tsarovy fotsiny izahay, Tompo, fa nofon'olombelona ao amin'ny tontolo maizina iray izahay, tontolon'ny aizina sy fahotana ary korontana. Ary mijery avy ao amin'ilay efitra lamba izahay, raha izany ilay izy, manarona ny tavanay, ka mahita sy mahafantatra fotsiny ihany izahay arak'izay ataonay eto amin'ny maha-olombelona. Fa indray andro any rehefa esorina io efitra lamba io, dia hahita Anao mifanatrika izahay ary hahafantatra arak'izay nahafantarana anay. Izay ilay andro izay irianay fatratra.

³⁵⁹ Mivavaka izahay Ray, ankehitriny, mba Hanampiana anay raha miezaka mampita amin'ny olona ny Tenin'Andriamanitra izahay, arak'ireo fangatahany. Esory hiala aminay ny aretina rehetra. Mila Anao izahay, Tompo. Ary mivavaka izahay mba Hanekena an'izany. Aoka homena anay ny Famindramponao, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

³⁶⁰ Ankehitriny, amin'ny famaliana an'ireo fanontaniana, tsy izaho no tsara indrindra eto amin'ny tanàna, fantatrareo. Fa hamaly amin'ny tsara indrindra fotsiny amin'ny fahalalako aho.

³⁶¹ Ity no anankiray izay nanombohako indray hariva, ary tsy maintsy nijanona aho:

60. “Tamin’ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’ny vatan’i Kristy.” (Ianareo rehetra dia mahatsiaro fa izany ilay fanontaniana izay nisy ahy. Ankehitriny izany dia hita, mazava ho azy, ao amin'ny Korintiana Voalohany 12)...**Amin’ny fotoana izay isika...handraisantsika ny fahateraham-baovao, no mitranga io. Izany dia io...Io ve no Batisan’ny Fanahy Masina, sa misy batisa iray aty aoriana, sa famenoana iray izany?**

³⁶² Ankehitriny, tena fanontaniana iray izany, ary afaka mandany ny sisa amin'ny fotoantsika mihitsy isika eo amin'ity anankiray ity, ary izao hariva izao sy rahampitso hariva sy ny sisa. Izany dia handrakotra...izany dia—izany dia haka sy hamatotra ny Baiboly manontolo miaraka. Ny Soratra tsirairay dia tsy maintsy miara-mifatotra tanteraka amin'ny Soratra hafa tsirairay ao amin'ny Baiboly.

³⁶³ Fa miezaka manao azy ho fohy fotsiny, mazava arak'izay fantatro hanaovana azy, tsia; rehefa mino an'i Jesosy Kristy Tompo ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo no manana ny fahateraham-baovao. Rehefa mino ny Tompo ianareo, dia mandray fisainana vaovao iray, fiainana vaovao iray, fa tsy izany no Batisan'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Manana fahateraham-baovao ianareo rehefa mino, manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Izany dia fanomezan'Andriamanitra izay omena anareo amin'ny alàlan'ny fahasovana masi-mandidy nohon'ny

fanekena an'ilay fanomezana izay nomen'Andriamanitra anareo. "Izay—izay mandre Ny Teniko ka mino izay naniraka ahy, no manana Fiainana Mandrakizay." Manana fiainana mandrakizay; izany no fahateraham-baovao, niova fo ianareo, izany dia midika fa ianareo dia "niverina."

³⁶⁴ Fa ny Batisan'ny Fanahy Masina dia mampiditra anareo ao amin'ny vatan'i Kristy, mampiditra an'ireo fanomezana ho an'ny asa. Tsy manao anareo ho Kristiana iray kokoa izany, mampiditra anareo fotsiny ao amin'ny vatan'ireo fanomezana izany. Hitanareo? "Ankehitriny, tamin'ny Fanahy iray" (Korintiana Voalohany 12) "no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny vatana iray. Ankehitriny," hoy i Paoly, "dia misy fanomezana samihafa, ary ao amin'io vatana io dia misy fanomezana ara-panahy." Ary ao amin'io vatana io. . . Tsy maintsy atao batisa ao amin'ilay vatana ianareo mba hahazo ny iray amin'ireo fanomezana ireo. Tonga miaraka amin'ilay vatana izy ireo.

³⁶⁵ Fa, ankehitriny, raha ny amin'ny hoe manana Fiainana Mandrakizay sy maha-Kristiana iray, Kristiana iray ianareo amin'ny fotoana izay inoanareo. Ankehitriny, tsy mody-mpino izany, izany dia mino marina tokoa an'ny Tompo Jesosy ka manaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana; nateraka indray eo no ho eo ianareo, ary manana Fiainana Mandrakizay. Miditra ao anatinareo Andriamanitra.

³⁶⁶ Diniho ankehitriny, Fiainana Mandrakizay; hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Olom-baovao eo no ho eo ianareo. Tamin'izay fotoana izay dia nihaona tamin'ny sasany tamin'ireo olona ireo i Paoly, any amin'ny Asa 19 any. Nanana mpitory teny iray izy ireo izay olon'ny lalàna iray niova fo tamin'ny anarana hoe Apolosy. Ary Apolosy dia lehilahy mahery iray tao amin'ny Soratra, ary noporofoiny tamin'ny alàlan'ny Soratra fa Jesosy no Kristy. Hitanareo?

³⁶⁷ Diniho ankehitriny. Apolosy, tamin'ny alàlan'ny Teny, dia nanaporofy tamin'ny alàlan'ny Teny. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Teny. Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana fiainana mandrakizay." Azonareo ve ilay izy? Apolosy, tamin'ny alàlan'ny Teny, no nanaporofy. Ary Kristiana ireo, mpanaraka izy ireo, mpianatra. Ary nanaporofy tamin'ny alàlan'ny Teny i Apolosy, fa Jesosy no Kristy. Ary nanana hafaliana lehibe izy ireo ary nandray ny Teny, kanefa nahafantatra fotsiny ihany ny batisan'i Jaona.

³⁶⁸ Ary rehefa nandalo tany amin'ireo morontsiraka ambonin'i Efesosy i Paoly, dia hitany ireo mpianatra ireo ka hoy izy hoe,

“Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina *fony* ianareo vao nino?” Hitanareo?

³⁶⁹ Ankehitriny, rehefa mino ianareo, dia hoy Jesosy hoe, “Manana Fiaianana Mandrakizay ianareo.” Izany no fahateraham-baovao. Izany no fiovam-ponareo, fiovàna. Fa ny Batisan’ny Fanahy Masina dia ny herin’Andriamanitra izay nanaovana batisa anareo sy mampiditra ao amin’ireo fanomezana ara-panahy sivy ireo mba hiasa amin’ny alàlanareo; toy ny, fitorian-teny, evanjelista, apostoly, pasitera, mpaminany, . . . ka miditra ao anatin’io ireo fanomezan’ny vatana rehetra, rehefa natao batisa tao amin’io vatana io ianareo. Ary izany dia . . . tsy manao anareo ho Kristiana iray kokoa, mametraka anareo fotsiny ara-toerana ao amin’ny toerana iray izany mba ho fanahy mitandrina iray ao amin’ny Fiangonan’Andriamanitra velona. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Hitanareo?

³⁷⁰ Ankehitriny ilay fanontaniana dia . . . Ndao isika hamaly azy fotsiny tsirairay, misy fanontaniana telo eto.

“Tamin’ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’ny vatan’i Kristy.”

Marina izany, Korintiana Voalohany 12 no hanome ny valiny ho an’izany. Eny àry.

Amin’ny fotoana andraisantsika ny fahateraham-baovao ve, no isehoan’io? Amin’io fotoana io ve izany?

³⁷¹ Izany no tian’izy ireo ho fantatra, eny . . . “Tamin’ny Fanahy iray . . .” Tsia. Tsia. “Tamin’ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’ny vatana iray.” Hitanareo, tsy tamin’izany no nanombohan’ny fahateraham-baovao, ny fahateraham-baovao dia manomboka rehefa *mino* ny Tompo Jesosy ianareo.

³⁷² Jereo ankehitriny, tsy misy ny . . . tsy misy zavatra iray . . . Henoy ankehitriny. Inona no azonareo atao ankoatry ny mino? Mbola inona indray no azonareo atao? Inona intsony no mbola azonareo atao mikasika an’izany ankoatry ny mino an’izany fotsiny? Mitenena zavatra iray amiko izay azonareo atao. Tsy misy zavatra iray izay azonareo atao ankoatry ny mino an’izany. Ankehitriny, raha misy zavatra iray tonga ankoatry ny finoanareo, dia tsy hetsika iray avy amin’ny anareo manokana izany, hetsika iray an’Andriamanitra izany. Noho izany . . .

³⁷³ Ankehitriny raha nilaza isika fa rehefa ianareo . . . Matetika aho dia nahita, imbetsaka, an’ireo olona manaiky “ny porofo voalohany an’ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra” ho ny Fanahy Masina. Ary indraindray dia manozongozona ny olona, na mikapoka azy ireny sy mikapokapoka azy ireny, manao hoe, “Lazao ilay izy. Lazao ilay izy. Lazao ilay izy. Lazao ilay izy.” Fantatrareo, mamerina teny iray hatrany sy hatrany hoe, “Lazao ilay izy. Lazao ilay izy. Lazao ilay izy.”

Hitanareo, izany dia zavatra izay ataonareo irery ihany. Ary—ary—ary izany tsy...izany tsy...izany—tsinontsinona izany. Mety manana fifangaroam-pitenenana ianareo. Ianareo mety manana za—zavatra betsaka, sy fahatsapana. Fa raha misy zavatra tonga ankoatry ny finoanareo manokana, dia tsy maintsy ho fanomezana Masina avy amin'Andriamanitra nomena anareo izany. Hitanareo?

³⁷⁴ “Fa tamin’ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin’ny vatana iray.” Marina izany, hitanareo. Ny Batisan’ny Fanahy Masina dia hetsika hafa iray avy amin’ny fahateraham-baovao. Ny iray dia fahaterahana, ny iray dia batisa. Ny iray mitondra Fiainana Mandrakizay ho anareo, ilay iray hafa manome anareo ny hery. Izany no manome ny hery ao amin’ny Fiainana Mandrakizay, hitanareo, mba hiasa. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Eka. Eny àry.

³⁷⁵ Ankehitriny dia ity ny iray hafa, tonga faharoa, ny tsara indrindra izay nahazoako azy ireo tamin’io hariva io:

61. Taiza ny Fanahin’i Jesosy nandritry ny telo andro naha-tao am-pasana ny Vatany? Taiza Ny Fanahiny?

³⁷⁶ Ankehitriny, ny Fanahiny, raha hanaraka ny Soratra ianareo, . . .eny, afaka mitondra toerana maro mihitsy isika. Fa, manontany aho, iza no manana Baiboly iray? Rahalahy Stricker, manana Baiboly iray ve ianao? Eny àry. Rahalahy Neville, manana anankiray ve ianao? Tadiavo ho ahy ny Salamo 16:10. Ary iza ihany koa? Ranabavy Wood, manana Baiboly iray ve ianao eo? Eny, Rahalahy Stricker, (eny àry, na ny anankiray), tadiavo ho ahy ny Asa 2:27, Asa 2:27.

³⁷⁷ Ary ankehitriny, voalohany, rehefa maty Jesosy . . .Rehefa maty ianareo, dia maty ny vatanareo. Ny teny hoe *fahafatesana* dia midika hoe “misaraka,” nosarahina tamin’ireo malalanareo fotsiny. Fa eto dia izao no Nolazainy, ao amin’ny Masindahy Jaona, ny toko faha-11, “Izay mandre . . .” Tsy . . .Mamelà ahy; izany dia ao amin’ny Masindahy Jaona 5:24, “Izay mandre Ny Teniko no manana Fiainana Mandrakizay.”

³⁷⁸ Hoy Jesosy tamin’i Marta, izay tonga nitsena azy, . . .Hoy izy hoe, “Raha teto Ianao, dia tsy ho faty ny anadahiko. Fa na dia izao ankehitriny izao aza, na inona na inona Angatahinao amin’Andriamanitra, dia homen’Andriamanitra Anao izany.”

³⁷⁹ Hoy Izy hoe, “Izaho no Fananganana sy Fiainana.” Hitanareo? “Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona; ary na iza na iza velona ka mino Ahy, dia tsy ho faty intsony.”

³⁸⁰ Ankehitriny—ankehitryny, misy ampahany iray amintsika izay tsy maty. Ary arak’izay vao avy nanehoako ny andalan’ireo Soratra, ny zavatra rehetra izay manana fiandohana iray dia manana fiafarana iray. Ireo zavatra izay tsy manana fiandohana iray, no tsy manana fiafarana. Noho izany rehefa

manaiky an'i Kristy isika, Andriamanitra, dia lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, ary ny Fiainantsika dia tsy manam-piafarana mihitsy tahaka ny Fiainan'Andriamanitra tsy manam-piafarana; manana ny Mandrakizay isika.

³⁸¹ Ankehitriny, ny teny hoe *mandrakizay* [forever—*Mpand.*], efa nandalovantsika izany. Ny teny hoe *mandrakizay* [forever] dia “elanelam-potoana iray,” *mandrakizay sy* (fanohizan-teny) *mandrakizay*. Ary hitantsika teto fa izany dia manana—izany dia manana fiafarana iray, tahaka an'ireo fijaliana rehetra fotsiny, sy ireo aretina rehetra, sy ny alahelo rehetra, sy ny fampijaliana rehetra, ary ny helo izy tenany izay manana fiafarana iray.

³⁸² Fa ny Fiainana Mandrakizay dia tsy manana fiafarana, satria tsy nanana fiandohana Izy. Tsy afaka ny ho faty mihitsy Izy satria tsy nateraka mihitsy Izy. Tsy nanana fiandohan'andro Izy, tsy manana fiafaran'ny fotoana Izy. Ankehitriny, ny fomba tokana izay ahafahantsika miaina Mandrakizay, dia amin'ny alàlan'ny fahazoana zavatra iray izay Mandrakizay. Ary Andriamanitra dia nisy; talohan'ny nisian'ny zavatra iray, dia nisy Andriamanitra. Tsy nanana fiandohana iray na fiafarana iray mihitsy Andriamanitra.

³⁸³ Ary Andriamanitra dia io Fanahy lehibe io. Isika dia nanao sary Azy tahaka an'ireo—ireo loko fiton'ny avana izay manarona... Ilay antsasaky ny faribolana dia ho nanarona ny tany tokoa raha tsy nikasika ny tany izy. Rano iray ao anatin'ny faribolan'ny fiolahan'ny tany fotsiny izany, izany no manao azy. Fa, ankehitriny, satria Mandrakizay Andriamanitra, ary Izy no ilay Tanteraka: fitiavana tanteraka, fiadanana tanteraka, fifaliana tanteraka, fahafaham-po tanteraka. Ireo fanahy fito rehetra ireo (araka ny hitantsika ao amin'ny Apokalypsy), nivoaka izy ireo; no nanao an'Andriamanitra, ho fahatanterahana. Ny zavatra hafa ankoatran'izany dia zavatra izay efa nosimbaina avy amin'Izany.

³⁸⁴ Ankehitriny ny fomba tokana ahafahantsika miverina amin'ny fahatanterahana, dia ny miverina amin'Io (fahatanterahana, izay Andriamanitra). Amin'izay fotoana izay isika no tonga amin'ny fahatanterahana, amin'izay fotoana izay isika no manana Fiainana Mandrakizay; tsy misy fiafarana, na tsy misy—tsy misy na inona na inona, Fiainana Mandrakizay *mandrakizay* fotsiny izany.

³⁸⁵ Ankehitriny dia miresaka ny amin'ny aina izy... ny fanahy. Satria isika dia mitondra an'ireo vatantsika ao amin'ny fasan'ny masina indrindra amintsika, ny amin'ity vatana ity. Ary vatana... Tamin'ny voalohany, rehefa Andriamanitra, ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra... .

³⁸⁶ Na, araka ny nandalovako teo amin'izany, ny Katolika dia miantso an'Izany hoe, “ny maha-zanak'Andriamanitra Mandrakizay.” Fa, araka ny nolazaiko tany aloha, ilay teny

dia tsy misy dikany akory mihitsy aza. Hitanareo, tsy mety hisy zanaka Mandrakizay iray, satria ny zanaka iray dia tsy maintsy nanana fiandohana iray. Ary noho izany dia nanana fiandohana iray Jesosy, Andriamanitra dia tsy nanana fiandohana. Hitanareo? Fa ilay Zanaka dia ny... tsy mahanana Mandrakizay, fa ilay Zanaka izay niaraka tamin'ilay Ray tany amin'ny fiandohana dia ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra.

³⁸⁷ Ary izany dia ilay teofanian'Andriamanitra izay nivoaka. Ilay endrik'olombelona izay tsy nanana maso tahaka ny ijerenareo; maso iray tsaratsara kokoa. Tsy nanana sofina tahaka ny andresanareo Izany, fa fandrenesana lavitra kokoa. Hitanareo, Izany dia teofania iray, hoe, io avana rehetra io dia niditra tao amin'ny—ny teofania iray. Nahita Azy i Mosesy rehefa nandalo teo amin'ilay vatolampy tahaka an'izany Izy. Nahita an'ilay ampahan-damosina izy, hoy izy, "Tahaka ny lehilahy iray Izany."

³⁸⁸ Nahita Azy i Abrahama rehefa niditra tao anatin'ny nofon'olombelona Izy ka nihinana zanak'omby iray, nisotro ronono, nihinana dibera. Nahita Azy i Abrahama raha vao niditra Izy, ary avy eo dia nanjavona niala tamin'izany teo no ho eo. Hitantsika fa ny vatantsika dia vita tamin'ny singa enina amin'ny folo avy amin'ny tany, tonga niaraka fotsiny izy ireo. Ary Andriamanitra no nanao azy ireo niaraka, ka nametraka Anjely roa tao anatin'ireo vatana ireo; ireo Anjely izay nitsangana sy niresaka. Ary ireo Anjely dia lehilahy tamin'ny iray . . . ary tamin'io fotoana io.

³⁸⁹ Mariho ankehitriny, hitantsika hoe, Iza i Melkizedeka afa-tsy Andriamanitra Izy tenany! Tsy mety ho anankiray hafa Izany, satria Izy no Mpanjakan'i Salema izay Jerosalema. Tsy nanana ray na reny Izy; tsy mety ho Jesosy, satria nanana ray sy reny Izy. Tsy nanana fiandohan'andro Izy, tsy nanana fiakaran'ny fiainana; Anankiray ihany no manana an'izany, izany dia Andriamanitra. Izany no Andriamanitra nonina teto tao anatin'ny teofania iray. Hitanareo? Mariho, Mpanjakan'i Salema.

³⁹⁰ Ankehitriny, Andriamanitra dia velona nandritry ny taona, tao amin'ny Olony. Izany no Andriamanitra izay tao amin'i Davida, izay nanao azy hipetraka teny amin'ny tendrombohitra, ary amin'ny maha-mpanjaka nolavina iray, ka nitomany. Ilay Fanahy iray ihany no voaseho tao amin'i Jesosy ilay Zanak'i Davida, Izay nolavina tao Jerosalema ary nitomany.

³⁹¹ Josefa, namidy volafotsy madinika telopolo, nankahalain'ny rahalahiny, tian'ny rainy, dia nipetraka teo an-tànana ankavanan'i Farao, ka tsy nisy olona afaka nanatona mihitsy raha tsy . . . mandalo amin'i Josefa, ary notsofina ny trompetra ka ny lohalika rehetra nandohalika teo amin'i Josefa: tandindona

tanteraka an'i Kristy. Izany no Fanahin'i Kristy velona tao amin'ireo lehilahy ireo. Hitanareo?

³⁹² Ankehitriny, rehefa maty Jesosy eto ankehitriny, izany dia Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo. Lasa olona Andriamanitra. Ao amin'ny lalàn'ny fanavotana, ny fomba tokana izay ahafahan'ny olona iray manavotra ny fananana very an'ny Isiraely, dia tsy maintsy ho havana iray izy. Tsy maintsy ho havana akaiky iray izy. Ny Bokin'i Rota dia manazava an'izany tsara tarehy mihitsy; ary tsy maintsy ho havana iray izy. Noho izany dia tsy maintsy lasa havana ho an'ny olona Andriamanitra, mba ahafahan'io olona io ho lasa havana ho an'Andriamanitra. Hitanareo?

³⁹³ Manana fanahy iray izy ao anatin'ny, manana ny olona iray rehefa teraka izy, satria fanahin'ny natiora iray izany. Izany dia fanahy iray an'izao tontolo izao, izany dia fanahy iray an'ny— an'ny andriamanitr'ity izao tontolo izao ity. Izy dia taranaka iray avy amin'i Adama fotsiny.

³⁹⁴ Ny hazo iray dia mamokatra indray ny tenany. Ny zavamaniry dia mamokatra indray ny tenany. Ny biby dia mamokatra indray ny tenany. Ny olombelona dia mamokatra indray ny tenany. Izy ireo dia vokatra notsoahina avy tamin'ny famoronana tany am-boalohany. Azonareo ve ilay izy?

³⁹⁵ Ankehitriny, rehefa teraka ny olona iray ankehitriny, dia teraka niaraka tamin'ny fanahy iray izy ao anatin'ny avy amin'ity izao tontolo izao ity. Izany no antony tsy maintsy hahaterahany indray. Satria io fanahy io dia avy amin'ny famoronan'ny ray sy reny, izay famoronana ara-pananahana, ary tsy afaka ho velona mandrakizay tanteraka tokoa. Noho izany dia tsy maintsy hateraka indray izy. Ary alohan'ny ahafahany hanao an'izany, dia tsy maintsy nidina Andriamanitra ka nanao fomba iray hahaterahany indray; satria tsy nanana fomba hanavotana ny tenany izy, tsy nanana fanantenana izy. Izy tsy...tsy nanana fanantenana, tsy nanana an'Andriamanitra, tsy nanana an'i Kristy, teto amin'izao tontolo izao, very ary vita. Izy—izy... tsy nisy na inona na inona azony natao hamonjena ny tenany. Izy...ny tsirairay...Tsy mampaninona raha mpisoronabe iray izy, raha eveka iray izy, raha papa iray izy, na inona izy na inona, meloka tahaka an'ilay olona manaraka mihitsy izy.

³⁹⁶ Noho izany, tsy maintsy nila Anankiray izay tsy meloka izany, mba hanao an'ilay izy. Ary ny Anankiray tokana izay tsy meloka dia Andriamanitra Izy tenany. Ary tsy maintsy nidina Andriamanitra ka lasa olona (ary tonga tamin'ny endrik'i Kristy Izy) mba hampifikitra an'ilay fanindronan'ny fahafatesana, mba hanaisotra an'ilay fanjaitran'ny fahafatesana, mba hanavotra antsika, mba isika...tsy amin'ny alàlan'ireo asantsika na amin'ny alàlan'ny fahatsaram-panahintsika (tsy manana isika), fa nohon'ny Fahasoavany, mba ho voavonjy.

Amin'izay fotoana izay dia mandray avy amin'Ny Fiainany isika ao amin'ity vatana mety maty ity, ary ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, ary manana Fiainana Mandrakizay ao anatintsika. Zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika. Noho izany, Jesosy, satria velona . . .

³⁹⁷ Ary tsy misy olona, tsy mampaninona na ratsy fanahy na tsara toy ny ahoana, rehefa izy no tsy maintsy . . . rehefa mandao an'ity tany ity izy, dia tsy maty. Any an-kafa any ho any izy. Saingy manana fiainana iray izay ho levona izy, rehefa avy ampijaliana ao amin'ny helo noho ireo asany, izy . . . kanefa tsy maintsy hitsahatra io fiainana io. Anankiray ihany no karazana fiainana Mandrakizay izay misy.

³⁹⁸ Ankehitriny, efa nandalovantsika izany. Raha afaka ny ho mpanota iray ny olona iray ka hampijaliana mandrakizay . . . Tsy mety ho hampijaliana mandrakizay [forever—Mpand.] izy raha tsy manana Fiainana Mandrakizay [Eternal]. Raha manana Fiainana Mandrakizay izy, dia voavonjy. Hitanareo? Noho izany dia anankiray ihany no karazana Fiainana Mandrakizay izay misy, ary izany dia ny *Zoe*, “ny Fiainan'Andriamanitra.” Ary tsy mety levona izy.

³⁹⁹ Fa ny ratsy fanahy dia ao amin'ny toerana iray an'ny—an'ny fiandrasana (ao amin'ny fampijaliana) ny fitsaran'izy ireo (mba ho tsarina araka ny asa vitany tao amin'ilay vatana) amin'ny andro farany. Ankehitriny, fa isika . . . Ny fahotan'ny olona sasany dia lasa any alohan'izy ireo, ny sasany manaraka aoriany.

⁴⁰⁰ Ankehitriny raha miaiky ny fahotantsika isika, dia marina Izy mba hamela antsika, noho izany dia tsy mila mitsangana eo amin'ny fitsaran'Andriamanitra intsony isika. Azonareo ve ilay izy? Jereo, Romana 8:1, “Koa noho izany ankehitriny dia tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy.” Izay ao AMIN'i Kristy. Izay efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana; hitanareo, tsy manana fanamelohana isika ary efa tao amin'i Kristy Jesosy. “Izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy.” Hitanareo? “Izay mandre Ny Teniko, mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay.”

⁴⁰¹ Ary raha efa nekena tao amin'i Kristy aho, ary Kristy no naka ny fitsarako, ka nanaiky ny Fanaovam-panavotany ho an'ny fahotako aho, dia ahoana no ahafahan'Andriamanitra hitsara ahy? Efa nitsara ahy Izy, rehefa nitsara an'i Kristy Izy. Noho izany dia afaka amin'ny fitsarana aho. “Amin'izay fotoana izay rehefa mahita ny Rà Aho, dia handalo anareo Aho.” Hitanareo?

⁴⁰² Fa, ankehitriny, tsy tahaka an'izany ilay ratsy fanahy. Mandeha ao amin'ny toeran'ny fampijaliana iray izy. Ary fantatsika fa marina izany. Velona ilay ratsy fanahy. Ao amin'ny

toeran'ny fampijaliana iray izy. Ao amin'ny toerana izay tsy fantany izy. . . Tahaka an'izany no ampakaran'ireo mpiantso fanahy sy mpanandro an'ireny fanahin'olona izay efa lasa ireny, karazana sangisangy sy vazivazy maloto sy ny sisa izay avoakan'izy ireo, raha efa mba nahita ny iray tamin'izany ianareo. Eny àry. Nahoana? Izy ireo tsy. . .

⁴⁰³ Jereo io Miss Piper io, talohan'ny nisehoan'ny lahatsoratro mikasika ny *The Miracle of Donny Morton*. Firy no efa namaky an'io lahatsoratra io? Eny, maro aminareo no namaky, azo antoka. Ary izany dia ao amin'ny *Reader's Digest*. Efa voamarikareo ve, talohan'izany mihitsy no nivoaka i Miss Piper, ilay mpiantso fanahy malaza indrindra izay hany fantatr'izao tontolo izao. Pejy roa ambin'ny folo no nomena ho an'ny tantarany. Ary nandritry ny dimampolo taona. . . Nandray azy izy ireo nanerana an'izao tontolo rehetra izao, sy ny porofo siantifika sy ny sisa, hoe “miresaka amin'ny maty tanteraka tokoa izy, ary miakatra ireo olona.” Inona? Tsy voatonona ny anaran'Andriamanitra na dia indray mandeha aza, tsy misy fibebahana, tsy misy fanasitranana avy amin'Andriamanitra, tsy misy na inona na inona mikasika an'Izany, hitanareo.

⁴⁰⁴ Ny zavatra tokana izay nisy, dia ireo olona no nilaza hoe, “John, tsy fantatrao ve aho? Izaho no George izay tany amin'izao toerana izao, ary nanao *an'izao-sy-izao* ary *izao-sy-izao* aho. Tsaroanao ve io toerana izay nalehantsika io sy nanaovana an'izao?” Hitanareo, izay ihany no fantatr'izy ireo. Vita ny amin'izy ireo. Niampita avy. . . Izy ireo dia—izy ireo dia tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fitsarana.

⁴⁰⁵ Any amin'izay itongilanan'ny hazo, dia any no ianjerany. Ary ny toetra izay ahafatesanareo. . . Izany no antony hanoherako ny fivavahana ho an'ny maty, hitanareo, ny fanelanelanana amin'ny vavaka na—na fiombonan'ny olo-masina sy ny sisa. Tsy azo atao izany, araka ny Tenin'Andriamanitra. Tsy mahavita soa ny mivavaka ho an'ny olona iray aorian'ny nahalasanan'izy ireo. Vita ny amin'izy ireo. Izy ireo dia. . . izy ireo dia efa. . . Efa niampita an'ilay tsipika manelanelana ny famindrampo sy ny fitsarana izy ireo. Na izy ireo nankany amin'ny famindrampo, na lasa nanalavitra ny famindrampo. Jesosy no niteny an'izany, ao amin'ny toko faha-16-n'ny Masindahy Matio, Izy—Izy—Izy no nampianatra an'izany; toko faha-16-n'ny Marka, mino aho fa izay ilay izy. Ilay lehilahy manan-karena sy Lazarosy; tsy misy olona afaka miampita an'io hantsana io, ary tsy hiampita mihitsy! Eo ianareo izao. Hitanareo? Noho izany dia milamina hatreo izany.

⁴⁰⁶ Ankehitriny, fa rehefa maty Kristy, ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nijoro vavolombelona fa Izy no Kristy. Ankehitriny dia ndao isika handeha eo amin'ny fanontanianareo. Ny zavatra voalohany, dia nandà tsy hamiratra ireo kintana, nilentika ny masoandro, tsy nanome ny tarany ny volana, nandò ny

vatolampiny ny tany, tamin'ny Fahafatesany. Ary nandeha Izy ka nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa. Izy, tsy maintsy nahafantatra izy ireo. Jereo izany! Ary raha sendrasendra ka misy mpanota iray eto izao hariva izao, dia eritrereto iray minitra izany. Indray andro any ity Filazantsara izay renareo voatory izao ankehitriny izao ity, dia tsy maintsy hijoro vavolombelona ny amin'Izany ianareo. Hamoritra ny lohalikareo ianareo any ho any, tsy mampaninona na iza ianareo. Mety ho iray alina taona manomboka androany izany, mety tsy alohan'ny . . . amin'ny maraina. Na oviana na oviana izany, dia hiankohoka ianareo any ho any, ary handre an'ity Filazantsara iray ity ihany voatory mihitsy indray aminareo.

⁴⁰⁷ Satria rehefa avy tao an-tranomaizina ireo fanahy ireo, izay tsy nibebaka rehefa Enoka sy rehefa izy rehetra ireo no nitory teny, ary Noa . . . ary satria ny fahari-pon'Andriamanitra, tahaka azy ankehitriny, niandry an'io fotoana io ho tonga. Ary nitory teny i Noa sy Enoka ary izy rehetra, fa ireo olona ireo dia nihomehy sy naneso azy ireo. Ary tao an-tranon'ny tranomaizina izy ireo, ary nandeha Jesosy ka nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina. Nijoro vavolombelona Izy! Nijoro vavolombelona ireo lanitra hoe, "Izy izany!" Nijoro vavolombelona ny tany hoe, "Izy izany!" Nijoro vavolombelona ny helo hoe, "Izy izany!"

⁴⁰⁸ Ny Baiboly dia nilaza fa izany . . . Davida, taona maro lasa izay, ao amin'ny Salamo . . . Eny àry, Rahalahy, vakio ny Salamo, raha sitrakao eo. Salamo 16:10: [Mamaky Rahalahy Neville, "Satria tsy hahafoy ny aiko ho any amin'ny helo ianao; tsy havelanao hahita ny lò koa ny Iray Masinao."—Mpand.]

⁴⁰⁹ Vakio ilay zavatra iray ihany, rahalahy, ao amin'izay nitorian'i Petera; ao amin'ny Asa, ny toko faha-2, ny andininy faha-27: [Mamaky Rahalahy Stricker, "Satria tsy hahafoy ny aiko ho any amin'ny helo ianao, tsy havelanao hahita ny lò koa ny Iray Masinao."—Mpand.]

⁴¹⁰ Vakio ireo andininy roa eo ambonin'izany, rahalahy, mba ahafahanareo hahazo an'ilay foto-kevitra—foto-kevitr'izany: [Mamaky Rahalahy Stricker, "Fa Davida miresaka mikasika Azy hoe, Izaho nahita mialoha ny Tompo—Tompo isan'andro teo anoloan'ny tavako, satria eo an-tànana ankavanako izy, mba tsy hangozohozo aho. Koa izany no nifalian'ny foko, sy niravoravoan'ny lelako; ny nofoko koa aza dia hitoetra amin'ny fanantenana. Satria tsy hahafoy ny aiko ho any amin'ny helo ianao, tsy havelanao hahita ny lò koa ny Iray Masinao."—Mpand.]

⁴¹¹ Vakio ilay andininy manaraka ankehitriny: [Mamaky Rahalahy Stricker, "Ianao no nampahafantatra ahy ny

lâlan'aina; ianao no hampifaly ahy indrindra amin'ny tavanao.”—Mpand]

412 Eny, mariho. Ankehitriny, ry Vavolombelon'i Jehovah sakaizako, te-hanontany anareo mikasika an'izany aho. Hitanareo? Raha ny helo dia toerana iray... Hadesy, Sheola, na inona na inona irianareo hiantsoana azy; raha mitsahatra ao am-pasana izany, amin'izay fotoana izay dia nahoana Izy no nanao hoe, “Tsy hahafoy ny Aiko ho any amin'ny helo Aho, tsy Havelako hahita ny lò koa Ny Iray Masinao”? Ahoana ny amin'izany? Hitanareo?

413 Eto ny Vatany dia, tao am-pasana; ary ny Ainy dia tao amin'ny helo, mitory teny, velona! Ahoana ny amin'izany? Tao amin'ny Teofaniany indray Izy. Ny Ainy dia tany niaraka tamin'ireo olona izay tao amin'ny teofania ihany koa. Ary nijoro vavolombelona tamin'izy ireo, hoe izy ireo “dia tsy nibebaka tamin'ny fahari-po.”

414 Izy... Amin'ny teny hafa, dia nandondona teo amin'ny varavarana Izy. Ary rehefa nisokatra ilay varavarana, ary ireo aina rehetra izay nibebaka, dia hoy Izy hoe, “Izaho no ilay Taranaky ny vehivavy. Izaho ilay Anankiray izay Enoka eto...” Tao Paradisa, toerana iray hafa. Aza very an'ireo toerana telo ireo mihitsy, ankehitriny: ny toeran'ny ratsy fanahy, ny toeran'ny marina, ary ny helo izy tenany. Hitanareo?

415 Tahaka ny triniten'ny Lanitra fotsiny, toy ny: Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Tahaka ny triniten'ny bibidia: ny mpaminany sandoka, ny bibidia, ary ny—ary ny mariky ny bibidia. Ary io rehetra io, tsarovy, ao anatin'ny trinite daholo izany. Ny trinite no manao anankiray, tanteraka. Ny anankiray dia tanteraka. Tanteraka ianareo, anankiray ao amin'ny telo: aina, vatana, ary fanahy; rano, rà, ary hozatra. Hitanareo, na inona na inona ianareo, tsy maintsy maka telo ianareo mba hanaovana anankiray tanteraka. Alaivo ny silam-pitaratra iray telozoro ka apetraho eo amboniny ny masoandro, hanana avana iray tanteraka ianareo. Hitanareo, ny zavatra rehetra, tsy maintsy manana telo ianareo mba hanaovana anankiray tanteraka.

416 Ary ankehitriny, tsarovy fa, rehefa maty Izy, dia nandeha Izy aloha ary nitory teny tamin'ireo aina izay tsy tao an-tranomaizina... izay tao an-tranomaizina, ka nijoro vavolombelona fa Izy no “ilay Taranaky ny vehivavy.” Izy no “ilay Anankiray izay hitan'i Enoka tonga niaraka tamin'ireo Olo-masiny an'aliny.” Tsy maintsy nijoro vavolombelona ho an'ny Soratra izay efa notorian'i Noa Izy, sy i Enoka, ary ilay marina, hoe “Izy io Anankiray io.” Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nahafantatra an'izany!

417 Avy eo dia niakatra tao amin'ny helo Izy, ary nahazo ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo avy tamin'ny devoly.

418 Niakatra nankao Paradisa indray; ary nitondra an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba, sy ny marina; ary nitsangana (Matio 27), ary nivoaka avy tao am-pasana izy ireo ka niditra tao an-tanàna, ary niseho tamin'ny olona teny an-dàlambe. Haleloia! Eo ianareo izao!

419 Ankehitriny, fa ny Vatany . . . Raha mbola teto ny Ainy nijoro vavolombelona tamin'ny very, eto ambany eto dia naka an'ireo fanalahidy avy tamin'ny devoly, ary niverina ka nitondra an'i Abrahama sy Isaka; ny Ainy dia nandry tao amin'ny . . . ny Ainy dia teto ambany teto nanao an'izany, ary ny Vatany dia nandry tao am-pasana. Izany no antony nilazan'i Jesosy . . . Hoy ny olona hoe, “Eny, nahoana Jesosy no milaza hoe, ‘Telo andro, dia Izaho no hanangana azy. Telo andro Aho dia hitsangana.’? Izy—maty Izy ny Zoma tolakandro, nitsangana ny Alahady maraina.”

420 Fa diniho, ilay izy dia hoe “*ao anatin'ny* telo andro,” raha halainareo ny leksika. Satria Fantany fa Davida, teo ambanin'ny hosotra (ny hosotry ny Fanahy Masina), dia nanao hoe, “Tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho.” Fantany fa mihatra Aminy izany. Fantany fa Izy izany. Izy no Iray Masin'Andriamanitra, ary Fantany fa ny fahalòvana dia mitoetra ao anatin'ny roa amby fitopolo ora. Any ho any ao anatin'ireo telo andro ireo, dia hivoaka avy ao indray Izy, satria tsy azo foanana ny Soratra.

421 Ary ny teny fikasana tsirairay Ao dia mihatra amiko sy mihatra aminareo, antsika izany!

422 Hoy Izy hoe, “Ravao ity vatana ity, fa Izaho no hanangana azy ao anatin'ny telo andro.” Satria hoy Izy hoe, “Tsy hahafoy ny Aiko ho any amin'ny helo Aho, tsy Havelako hahita ny lò Ny Iray Masiko.”

423 Fantany, fa ao anatin'ny telo andro dia hivoaka avy ao io vatana io. Tsy nijanona telo andro feno Izy. Tsia, tompoko, tsy nijanona tokoa Izy. Nijanona fotsiny nanomboka ny Zoma tolakandro hatramin'ny Alahady maraina Izy, tsy nisy sela anankiray an'io vatana io afaka ny ho lò.

424 Ary maty Izy, sy nohosorana, ka nandry . . . na nofonosina tao anaty lamba, ary napetraka tao anatin'ny fasana iray. Tao amin'io firenena mafana, mandrevo io, mila ora vitsy fotsiny dia ho lasa lò Izy. Ianareo dia lasa mandra- . . . mandranoka, fantatrareo, ny vatany, mihintsana ny orony sy ny sisa, mitoetra ny fahalòvana; io firenena mafana, mando io. Ary hanomboka ho lò izany, satria vatana iray ilay izy. Fa Fantany, talohan'ny nahalò an'io sela io, fa Andriamanitra dia nilaza tamin'ny alàlan'i Davida mpaminany hoe, “Tsy Havelako hahita ny lò Ny Iray Masiko.”

425 Toy ny ahoana no Nandraisany ny Tenin'Andriamanitra ka niaina tamin'izany! Ankehitriny, ny tsirairay avy tamin'ireo teny fikasana tao izay nihatra Taminy ireo, dia Andriamanitra no

nanatanteraka ny tsirairay avy tamin'ireo. Ary ny teny fikasana tsirairay izay mihatra amin'ny mpino, dia Andriamanitra no hanatanteraka ny teny fikasana tsirairay amin'Izany. Amena. Mijanona manana antoka fotsiny fa Izany no Fahamarinana. Amena. Noho izany, ny Ainy...

Mihevitra ve ianao fa izany dia... Tsia, miala tsiny aho. Taiza ny Fanahin'i Jesosy nandritry ny telo andro naha-tao am-pasana ny Vatany?

⁴²⁶ Tao amin'ny helo Ny Fanahiny, tao amin'ireo faritra ambany indrindra; ary nitsangana Izy. Ary mety manampy filazana kely—kely aho eto izay mety hanampy anareo betsaka. Rehefa nitsangana Izy, Ny... Rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia tsy mbola nahavita tanteraka tokoa ny asan'ny fanavotana Izy. Marina izany. Tsy maintsy nanadio an'ilay zavatra manontolo Izy. Efa voaloha ilay vidiny, saingy io horohoron'ny helo io, io horohoron'ny fasana io... Ary eto, rehefa Izy—rehefa maty Izy, dia nanohy avy hatrany Izy. Tsy nitsahatra niasa mihitsy Izy rehefa maty Izy, nanohy nitory teny Izy!...?...Miala tsiny amin'ny fihetsiko tsy maotina, heveriko, fa tsy nitsahatra mihitsy Izy!

⁴²⁷ Tsy ho faty mihitsy ianareo! Mety mitsahatra vetivety ny vatanareo, fa Andriamanitra no hanangana azy, Izy no nampanantena fa hanangana Izy. Fa tsy afaka ny ho levona intsony tahaka an'Andriamanitra tsy afaka ho levona ianareo. Marina izany. Jereo, Ny...rehefa avy maty Izy, arak'izay... maty arak'ireo mpianatra. Natory Izy, izany no naha-izy Azy. Nampatorian'izy ireo Izy; tahaka ny Nolazainy mikasika an'i Lazarosy hoe, "Handeha hamoha azy Aho." Tsy maintsy namoha Azy Andriamanitra.

⁴²⁸ Jereo, nanohy nidina avy hatrany Izy, nanohy nitory teny Izy. Ary nitory teny tamin'ireo aina tao an-tranomaizina Izy eto. Nanohy avy hatrany nankao amin'ny helo, naka ny fanalahidy avy tamin'ny devoly. Niverina niakatra avy hatrany ary nitory teny indray tao Paradisa, ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo. Namangy an'ireo Apostoliny nandritry ny efaolo andro, ary tamin'ny faran'ny fahefapolo andro, dia nanohy niakatra avy hatrany Izy; satria, ny zavatra rehetra eo ambonintsika, ireo finoanoam-poana sy ny zavatra hafa rehetra...Notapahiny ny finoanoam-poana rehetra, ny fisalasalana rehetra, ary nanao laharam-bavaka iray avy eto an-tany nankany amin'ny Voninahitra tao amin'ny Fiakarany. Niakatra ary nipetraka teo an-tanana ankavanana'Ny Fiandrianany. Mpandresy! Ilay Mpandresy Lehibe, tanteraka tokoa. Tsy afaka nihazona Azy ny fahafatesana! Tsy afaka nihazona Azy ny helo! Tsy afaka nihazona Azy ny tany!

⁴²⁹ Rehefa teto an-tany Izy, dia nomena Azy ny...Izy dia nandeha nankao amin'ny tanàna ambany indrindra sy teo

amin'ireo olona ambany indrindra, ary nomena ny anarana ambany indrindra. Izany no nanaovan'ny olona Azy. Nandeha nankany Jeriko Izy, ilay tanàna ambany indrindra. Tsy maintsy nihanika teo amin'ny hazo iray ilay lehilahy kely indrindra mba hiondrika hijery Azy. Teo no nametrahan'ny olona Azy. Mpiasa mpanasa tongotra iray Izy, ilay asa ratsy indrindra izay azo nomena. Lasa ilay ambany indrindra Izy. Ary nantsoina tamin'ny anarana ambany indrindra izay azo nomena Izy hoe, *Belzeboba*, “ilay andrianan'ny devoly.” Ny olona no nanome Azy ny anarana ambany indrindra, ny toerana ambany indrindra, ary nandefa Azy tao amin'ny faritra ambany indrindra an'ny helo ambany indrindra.

430 Andriamanitra dia nanangana Azy ary nandefa Azy teo amin'ireo Lanitra Avo indrindra, ary Anarana iray ambonin'ny anarana rehetra. Haleloia! Nahoana, tsy maintsy niondrika Izy, mba hijery ny Lanitra. Ny Seza fiandriananao dia misandratra any ambonin'ireo lanitry ny Lanitra. Ary ilay Anarana lehibe indrindra izay hany nomena tany An-danitra sy eto antany dia tsy maintsy ho... dia nifatotra teo Aminy. Izany no nataon'Andriamanitra Taminy. Ny olona dia nanome Azy an'ilay ambany indrindra, fa Andriamanitra nanao Azy ho ilay Avo indrindra. Teo Izy, avy amin'ny ambany indrindra nankany, amin'ny Avo indrindra.

431 Lasa ilay ambany indrindra Izy mba Ahafahany mampakatra antsika mankany amin'ilay Avo indrindra. Lasa isika Izy, mba ahafahantsika ho lasa Izy amin'ny alàlan'ny Fahasoavany, zanak'Andriamanitra. Tany no Nandehanany. Amena! Isaorana anie Ny Anarany. Nanao làlana iray Izy mba ahafahantsika ho tonga, ihany koa, indray andro any, “Satria velona Aho, dia velona koa ianareo.”

432 Oh, tsy mahagaga... Rehefa takatry ny olona izany fijery izany, dia tsy nisy olona iray afaka nanazava an'izany. Nanandrana mihitsy aza izy ireo ny hanazava an'izany, nahavery ny sainy; ity hira malaza ity hoe: “Oh ny fitiavan'Andriamanitra, tena manan-karena sy madio; Tena tsy voarefy sy mahery.” Ilay andininy farany... na mino aho fa ny andininy voalohany, ilay izy: “Raha fenointsika ranomainty ny ranomasimbe, Ka lasa horonan-taratasy ireo lanitra;...” Fantatrareo ve hoe taiza no nahitana an'izany? Voasoratra teo amin'ny marary saina... rindrina tao amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina. Tsy misy olona afaka hanazava mihitsy an'io Fitiavan'Andriamanitra io. Oh, tsy mety ho voateny mihitsy izany, izay Nataony ho antsika. Oadray, ahoana no ahafahanareo hametraka fahamendrehana iray any? Izany dia ny Fahasoavany, manomboka amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Very aho, vita, ary tsy nisy mpanampy, tsy tsara, tsy misy na inona na inona mikasika an'izany, ary tonga Izy nohon'ny Fahasoavany

ka namonjy antsika. Oh, oadray. Izany No . . . Izany no Tompoko. Izany no Fitiavany, izany no Hatsaram-panahiny.

⁴³³ Ankehitriny dia manana eo amin'ny fito minitra eo isika ary fanontaniana eo amin'ny dimy ambin'ny folo ary . . .

62. Mihevitra ve ianao fa mety amin'ny vehivavy ny manao asa manokana any ivelan'ny fiangonana?

⁴³⁴ Eny. Fanontaniana iray fotsiny izany, iray fotsiny . . . tsy fanontaniana ara-tsoratra, fa . . . Izany tokoa, mihevitra aho. Eny, tompoko, mpiasa miaraka isika rehetra. Manana ny toerany ireo vehivavy, ary manana tokoa izy ireo. Eny, tompoko. Ataovy fotsiny ireo asa manokana rehetra izay azonareo atao, dia hitahy anareo ny amin'izany Andriamanitra.

Eny àry, ankehitriny dia ndao isika hijery:

63. Azafady azavao ny trinite. Ahoana no ahafahan'ilay Zanaka hipetraka eo an-tànana ankavanan'ilay Ray, manao fanelanelanana ho an'ny . . . amin'ilay Ray, raha tsy olona roa izy ireo?

⁴³⁵ Eny, ry sakaiza malala, izany dia ny . . . izany dia—izany dia fanambarana iray. Raha hoy Jesosy hoe, “Izaho sy Ny Raiko dia Iray,” amin'izay fotoana izay dia ahoana no ahafahan'izy ireo ho roa? Hitanareo? Ankehitriny, tsy roa izy ireo.

⁴³⁶ Nilaza tamiko ny vehivavy iray indray mandeha, ary nanazava an'izany aho, hoy izy, “Ianao sy ny vadinao dia—dia roa, kanefa iray ianareo.”

⁴³⁷ Hoy aho hoe, “Fa, Andriamanitra sy ny Zanaka dia hafa noho izany, hitanao.” Hoy aho hoe, “Mahita ahy ve ianao?”

“Eny.”

“Mahita ny vadiko ve ianao?”

“Tsia.”

⁴³⁸ Hoy aho hoe, “Noho izany, Ray sy Zanaka dia samihafa; hoy Jesosy hoe, ‘Rehefa mahita Ahy ianareo, dia mahita ny Ray.’” Hitanareo?

⁴³⁹ Ny Ray sy ny Zanaka . . . Ny Ray dia Jehovah Tsitoha (Andriamanitra) monina ao anatin'ny tabernakely iray nantsoina hoe Jesosy Kristy, izay Zanak'Andriamanitra voahosotra. Jesosy dia Olona iray, Andriamanitra dia Fanahy iray. Ary tsy nisy olona nahita an'Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra, fa ny zanaka malalan'ny Ray no nanambara Azy. Izy dia . . . Izy . . . ny maha-izy Azy, ny Tenany, ny Maha-Andriamanitra Azy, na inona na inona naha-izy Azy, dia Andriamanitra Izy! Izy dia tsy latsaka na mihoatra noho Andriamanitra. Kanefa, Olona iray Izy. Olona iray Izy, trano iray izay nonenan'Andriamanitra. Marina izany, Izy no toeram-ponenan'Andriamanitra.

440 Ankehitriny, raha mila Soratra sasantsasany mikasika an'izany ianareo. . . Rahalahy Neville, raha raisinao ho ahy ny Masindahy Marka 14:62. Ary Ranabavy Wood, raiso ho ahy ny Efesiana 1:20. Misy olon-kafa manana Baiboly iray ve? Eny, atsangano ny tãnanareo. Ranabavy Arnold, manana anankiray ve ianao iry aoriana iry? Eny àry, raiso ho ahy ny Asa 7:55. Eny àry. Marka 14:62, Rahalahy Neville; ary ny an-dRanabavy Wood dia ny Efesiana 1:20; Asa 7:55, Ranabavy Arnold.

441 Eny àry, anananao ve ilay izy, Rahalahy Neville? Eny àry, vakio ankehitriny: [Mamaky Rahalahy Neville, "Ary hoy Jesosy, Izaho no izy: ary ho hitanareo ny Zanak'olona mipetraka eo an-tànana ankavanan'ny hery, sady avy amin'ny rahon'ny lanitra."—Mpand.]

442 Eny àry, ankehitriny, diniho ilay fehezan-teny voalohany eo. Hoy Jesosy, "IAHO NO IZY."

443 "IAHO NO IZY." Iza ilay IZAHO NO IZY? Tsy nisy mihitsy olona iray eto amin'izao tontolo rehetra izao afaka nandika an'Izany. Na dia ny. . . ianareo izay mamaky ny leksika sy ny sisa, tsy nisy mihitsy olona iray izay nahavita namoaka. . . Izany dia J-v-h-u. Ary na dia ireo manam-pahaizana Hebreo aza dia tsy nahavita nanonona an'Izany mihitsy. Ilay roimemy nirehitra tany, tamin'io andro izay Nihaonany tamin'i Mosesy io, Izany dia J-v-h-u. Noho izany izy ireo dia nanonona an'Izany hoe "J-o-h, Jehovah," saingy Izany dia tsy "Jehovah." J-v-h-u, hitanareo, tsy misy mahafantatra.

444 Ary hoy ianareo hoe, "Eny, tsy nahay namoaka an'Izany i Mosesy."

445 Hoy izy hoe, "Iza no azoko lazaina?"

446 Hoy Izy hoe, "Lazao hoe, 'IAHO NO IZY' no naniraka anao. IZAHO NO IZY."

447 Diniho ankehitriny. *IAHO NO IZY* dia fotoana ankehitriny, tsy hoe "Izaho izay efa izy" na "Izaho izay ho izy," *IAHO NO IZY*. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Izao dia ho fahatsiarovana mandritry ny taranaka rehetra: *IAHO NO IZY*."

448 Ankehitriny dia jereo Jesosy mitsangana eto tao amin'ny fety tamin'io andro io. Hoy izy ireo hoe, "Fantatray ankehitriny fa adala ianao." Ny teny marina dia hoe, "Very saina ianao" (*very saina* dia "adala"). "Fantatray fa adala ianao. Samaritana iray ianao, manana devoly ianao." (Masindahy Jaona, ny toko faha-6) Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny, ianao dia milaza fa ianao dia. . . efa nahita an'i Abrahama, nefa ianao dia lehilahy iray tsy mihoatra ny dimampolo taona?" (Mety toy ny antitra kely nohon'ny Taonany Izy, saingy telopolo taona fotsiny Izy, fa ny Asany.) Hoy izy, "Ny tianao ho lazaina ve dia ianao izay lehilahy iray tsy mihoatra ny dimampolo taona, dia milaza ianao fa 'efa nahita an'i Abrahama'? Fantatray fa adala ianao ankehitriny." Hitanareo?

Hoy Izy hoe, “Talohan’ny nisian’i Abrahama, dia IZAHO NO IZY.”

449 “IZAHO NO IZY,” Izy no ilay IZAHO NO IZY lehibe. Eto Izy dia miteny amin’ireo Jiosy ireo indray, hitanareo, “IZAHO NO IZY! Ary rehefa mahita Ahy tonga eo an-tànana ankavanan’ny hery ianareo, . . .” Marina ve izany?

450 Vakio indray izany, rahalahy: [Mamaky Rahalahy Neville, “Rehefa mahita ny Zanak’olona mipetraka eo an-tànana ankavanan’ny hery ianareo, sady avy amin’ny rahon’ny lanitra.”—Mpand.]

451 Vakio ny anao ankehitriny, Ranabavy Wood: [Hoy Ranabavy Wood hoe, Efesiana 1:20 ve?—Mpand.] Eny, madama. [Mamaky Ranabavy Wood, “Izay nataony tao amin’i Kristy, rehefa nanangana azy tamin’ny maty izy, ary nametraka azy teo an-tànana ankavanany manokana tao amin’ny toeran-danitra.”—Mpand.]

452 Eny àry, vakio ny anao, ranabavy. Hitanareo, mitovy mihitsy Izany: [Mamaky Ranabavy Arnold, “Fa izy, satria feno ny Fanahy Masina, dia nibanjina tsara ny lanitra, ka nahita ny voninahitr’Andriamanitra, sy Jesosy nitsangana teo an-tànana ankavanan’Andriamanitra.”—Mpand.]

453 Ankehitriny, hitanareo, Je- . . . Andriamanitra dia tsy mety hanana tànana ankavanana goavana iray, hitanareo, ka Jesosy dia mitsangana eo an-Tànany ankavanana. Ny *tànana ankavanana* dia midika hoe “ny fahefana.” Hitanareo? Ohatra fotsiny, ahoana moa raha—raha mpitantana feno ny fiangonana aho, na karazana eveka iray aho, ary Rahalahy Neville no naka ny toerako, izy no ho tànana ankavanako. Hitanareo, izany dia midika fa izy dia . . . izy no ho eo an-tànana ankavanako.

454 Ankehitriny, Jesosy dia eo an-tànana ankavanan’ny Hery. Ankehitriny, Izy no miteny an’izany, eto amin’ny Efesiana, rehefa manazava an’izany izy, Izy dia eo an-tànana ankavanan’ny Hery. “Ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany” (Hoy Izy, taorian’ny Fitsanganany) “dia nomena eto an-Tànako. Izaho no manana ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany. Mandehana ianareo noho izany ka mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin’ny Anaran’ny Ray, sy Zanaka, Fanahy Masina, mampianatra azy ireo mba hitandrina ny zavatra rehetra izay Nandidiako anareo; indro, momba anareo isan’andro Aho, hatramin’ny fiafaran’izao tontolo izao.”

455 “Ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany.” Aiza io . . . Raha misy andriamanitra iray ankoatra Azy, dia tsy manam-pahefana izy. Hitanareo, tsy mety hisy Andriamanitra hafa. “Ny fahefana rehetra any An-danitra sy ety an-tany” dia mipetraka eo an-Tànany. Noho izany, hitanareo, “Mitsangana

eo an-tànana ankavanana Izy,” (arak’ily olona izay nametraka fanontaniana), dia tsy midika . . .

⁴⁵⁶ Jereo ankehitriny! Ny vatana . . . Andriamanitra dia Fanahy iray. Hia, firy no mahazo an’izany? manaova “Amena.” Andriamanitra dia Fanahy iray, Jesosy dia Olona iray, ary Jesosy dia Andriamanitra tonga nofo. Jesosy dia . . . Tsy afaka hahita an’Andriamanitra mihitsy isika, hitanareo, Fanahy iray Izy. Tsy afaka mahita fanahy ianareo. “Tsy nisy olona nahita an’Andriamanitra tamin’ny fotoana rehetra.” Tsy hisy olona afaka hahita an’Andriamanitra.

⁴⁵⁷ Ary mamelà ahy hilaza an’ity, “Tsy nahita ahy mihitsy ianareo.” Tsy nahita ahy mihitsy ianareo tamin’ny fiainanareo rehetra, ary tsy hahita ahy mihitsy ianareo. Marina izany. Mahita an’ity vatana izay manambara an’ity olona ity ianareo, izay ato anatin’ny ato. Ankehitriny, ity vatana ity dia tsy manana Fiainana Mandrakizay, fa ny fanahy no manana Fiainana Mandrakizay. Ity vatana ity dia hiverina, saingy hiseho indray amin’ny fitoviany izy, tahaka ny voam-bary iray fotsiny izay midina ao anatin’ny tany. Ny Kristianisma dia mifototra eo amin’ny fitsanganana, fa tsy fanovàna. Fitsanganana; ilay Jesosy iray ihany izay nidina, no ilay Jesosy iray ihany izay niverina. Raha midina ianareo mena volo, dia miverina ianareo mena volo; raha midina ianareo mainty volo, dia miakatra ianareo mainty volo. Hitanareo, fitsanganana iray izany.

⁴⁵⁸ Rehefa mandeha mihinana ianareo . . . Nanontaniako an’ily dokotera izany, vao tsy ela akory izay, hoy aho hoe, “Nahoana kay fony aho enina ambin’ny folo taona . . . Isaky ny mihinana aho, dia manavao ny aiko?”

⁴⁵⁹ Hoy izy, “Marina izany.”

⁴⁶⁰ Ianareo dia mampiditra sela vaovao—vaovao isaky ny manao . . . ny—ny nofo dia mamokatra . . . na ny sakafo dia mamokatra selan-drà, ary io selan-drà io no manao anareo mihamatanjaka. Tahaka an’izany no mahavelona anareo. Noho izany, dia misy zavatra tsy maintsy maty isan’andro, mba hahavelona anareo. Isan’andro, dia misy zavatra maty: raha mihinana hena ianareo, dia maty ilay ombivavy; na inona na inona haninareo; ary maty ny trondro; na ny—na maty ny vary, mba hanaovana ny mofo; maty ny ovy, izay hamokatra ny ovy; ary ny . . . ny karazam-piainana tsirairay; amin’ny alàlan’ny zavatra maty ihany no ahafahanareo ho velona.

⁴⁶¹ Ary afaka velona Mandrakizay fotsiny ihany ianareo satria nisy zavatra maty: Jesosy. Tsy hoe satria nikambana tamin’ny fiangonana ianareo, tsy hoe satria natao batisa ianareo, tsy hoe satria manambara ny Kristianisma ianareo; satria nanaiky ny Ain’i Jesosy Kristy ianareo izay nivoa-drà . . . Rà izay nararaka ho anareo, ka nanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana ianareo.

⁴⁶² Ankehitriny, mariho, manontany an'ity aho. Tiako ny hanontany *anareo* an'ity. Jereo ity, tsara tarehy izany. Angamba efa nampianatra teo amin'izany aho tany aloha (tsy fantatro) teto; eo am-pitoriana hatraiza hatraiza, dia adinonareo izay nolazainareo tany amin'ny anankiray . . . ireo toerana sasany. Fa, nahoana kay, noho izany . . .

⁴⁶³ Ankehitriny, ataoko, Ranabavy Smith . . . Tsy fantatro raha nahafantatra an-dRahalahy Fleeman aho tany aoriana ela tany na tsia. Ary Tryphena, tsaroako izy fony izy zazavavy kely iray. Tsaroanareo aho, fony aho taloha . . . dia kely iray, fohy, matanjaka; volo mainty, miolikolika. Nanao ady totohondry aho taloha. Oh, nihevitra aho fa izaho dia lehilahy iray kanto teto amin'izao tontolo izao. “Oh,” nieritreritra aho hoe, “tsy misy olona afaka haharesy ahy. Tsia, tompoko.” Fa izaho—lasa tratra teo amin'izany aho, hitanareo. Fa izaho . . . Ankehitriny, nieritreritra fotsiny aho hoe, “Oh, oadray.” Nieritreritra aho hoe, “Raha afaka hametraka an'ity zavatra ity ao an-damosiko ianareo, dia hidina eny an-dàlambe miaraka amin'izany aho.” Azo antoka, tsy nisy na inona na inona nanelingelina ahy. Ary isaky ny mihinana aho, dia miha-goavana kokoa sy matanjaka kokoa foana aho. Isaky ny mampiditra aina vaovao aho . . . Nihinana laisoa aho, ovy, sy tsaramaso, ary hena, tahaka ny haniko androany. Ary niha-natanjaka kokoa sy goavana kokoa foana aho. Fa rehefa tonga teo amin'ny dimy amby roapolo taona teo aho . . .

⁴⁶⁴ Mihinana tsaratsara kokoa noho ny nihinanako tamin'izany aho ankehitriny, ianareo rehetra dia mahafantatra ahy, mahafantatra an'izany. Afaka mihinana tsaratsara kokoa aho ankehitriny, izany isika rehetra. Fa nahoana kay, Rahalahy Eagen, arak'izany, raha mbola mihinana sakafo tsaratsara kokoa foana aho, betsaka amin'izany, vitamina tsaratsara kokoa sy ny sisa . . . Ary arakaraky ny ihinanako, no mampihena ahy miandalana. Ary ankehitriny dia lasa lehilahy antitra milatsatsoroka iray aho, sola loha, ary lasa fotsy volo, ary ny tànana mikentrona, ny tarehy milentika, ny soroka mihintsana, amin'ny maraina dia sarotra ny mifoha, ary . . . Oh, oadray. Nahoana kay? Raha manavao ny aiko isaky ny mihinana aho, dia nahoana àry kay?

⁴⁶⁵ Raha mandraraka rano avy amin'ny tavoara iray mankao amin'ny vera iray aho, ka lasa feno tapany, nefa avy eo dia manomboka midina foana ilay izy raha tokony hiakatra; ary arakaraky ny andrarahako, no idinany haingana kokoa. Eo ianareo izao. Fa tsy afaka manaporofa an'izany ara-tsiansa ianareo raha tsy maintsy hanao. Ity Boky ity no zavatra tokana hanaporofa fa nanao fotoana Andriamanitra; fotoana iray izany, nahita antsika tonga Andriamanitra.

⁴⁶⁶ Ianareo lehilahy azon-taona, ary ianareo vehivavy azon-taona, angamba ny sasany amin'ny—ny vadinareo lahy sy

ny vadinareo vavy angamba dia efa lasa. Izany tsy—tsy manelingelina na inona na inona izany. Haleloia. Niampita an'ilay efitra lamba any fotsiny izy ireo, miandry; tanteraka tokoa. Ary maniry mafy ny hiaraka aminareo indray izy ireo. Marina izany, izany tokoa, maniry mafy izy ireo. Maniry mafy ny hiaraka indray izy ireo. Ny Baiboly no nilaza fa maniry mafy izy ireo, ireo fanahy ao ambanin'ny alitara dia miantsoantso hoe, "Tompo, mandra-pahoviana?" Hitanareo? Tsy ao amin'ny tena toerany marina izy ireo.

⁴⁶⁷ Tsy nanao antsika ho Anjely mihitsy Andriamanitra, nanao antsika ho lehilahy sy vehivavy izy. Ho lehilahy sy vehivavy foana isika, satria isika dia—dia vokatra iray an'ny fahaizan'Andriamanitra manokana. Afaka ny ho lehilahy sy vehivavy foana isika.

⁴⁶⁸ Fa inona no manao an'izany? Hitanareo, angamba mihevitra ianareo fa rehefa manatona ny alitara ianareo, ianareo sy ny vadinareo, nilaza fa ianareo dia nifanaiky ho vady aradalàna ary hiaina miaraka ao amin'io fatoram-panambadiana masina io, ary ireo—ireo fahasoavan'Andriamanitra sy ny sisa, ary ny fijoroanareo vavolombelona rehetra izay omenareo, sy ny fanekena ataonareo. Ny zavatra voalohany fantatrareo, dia manomboka mahamarika, ianareo roa. Nahitsy izy, ary ny volo namiratra; ary mama sy ireo masony kely tsara tarehy, volondavenona, na maso manga, na inona na inona ilay izy. Oh, toy ny ahoana no nijerenareo azy. Nivoaka ianareo, nijery an'i dada, "Ankehitriny, mahitsy mankany aoriana ireo soroka"; fa afaka kelikely dia manomboka milatsaka izy ireo. Ho lasa fotsy volo i mama, mitoetra ny aretin-kozatra sy ny sisa. Ary afaka kelikely, lasa izy [she—Mpand.], na izy [he] no lasa.

⁴⁶⁹ Inona izany? Rehefa nahita anareo nitsangana Andriamanitra tany, hoy Izy hoe, "Izay ilay izy, tahaka an'izany no Ilaiko anareo." Eny àry, ry fahafatesana, tongava ianao, saingy tsy afaka maka azy ireo ianao raha tsy Izaho no mamela anao.

⁴⁷⁰ Oh, oh, mieritreritra an'i Joba aho. Eny, niondrika Andriamanitra, fantatr'i Joba fa tia azy Andriamanitra. (Ary mariho fa tsy afaka haka anareo izy.) Hoy Izy hoe, "Eo antànanao izy, saingy aza maka ny ainy ianao."

⁴⁷¹ Ary noho izany ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nanomboka milatsaka ireo soroka, ka afaka kelikely dia lasa ianareo. Inona no nitranga?

⁴⁷² Ankehitriny, ao amin'ny fitsanganana dia tsy hisy zavatra anankiray izay manao ohatry ny fahafatesana. Tsy mety misy zavatra anankiray izay manao ohatr'ity tany ity, an'izay... Hitanareo, nitombo tamin'ny alàlan'ny sitrapon'Andriamanitra ianareo, nanana aina ianareo. Avy eo dia mitoetra ny fahafatesana, mandavo anareo. Mihinana an'ilay sakafo iray

ihany sy ny sisa, misotro an'ilay karazana rano iray ihany, ny zavatra rehetra; saingy mitoetra ny fahafatesana. Saingy efa azo ilay sary. Haleloia. Amin'ny fitsanganana dia ho aina indray ianareo. Ary tsy hisy fahafatesana intsony, na fitoviana amin'ny fahafatesana intsony, na fahanterana, na kilemaina na inona na inona. Tsy mety maty, hijoro amin'ny fitoviana Aminy isika, tanteraka mandrakizay. Haleloia. Oh, izaho. . . Hanao ny olona rehetra hikiakiaka izany, indrindra rehefa tonga amin'ny taonako ianareo.

⁴⁷³ Ny taonako dia, heveriko, rehefa ianareo, eritrereto izany, mihoatra noho ny hatramin'izay. Ao amin'io karazam-piovana io fotsiny ianareo, hitanareo. Ny. . . Manomboka manontany ianareo hoe, “Inona daholo ny mikasika an'izany? Inona no nataoko?” Mijery eto aoriana eto aho, mieritreritra hoe, “Oadray, mamindrà fo; eny, lasa aiza izy, Tompo? Indro aho, valo amby efapolo taona. Roa taona amboniny, dia ho antsasaky ny zato aho. Fioo. Izaho fotsiny dia. . .”

⁴⁷⁴ Jereo fotsiny ireo fanahy vitsy izay azoko. Te-hahazo an-tapitrisany sy an-tapitrisany amboniny aho. Andriamanitra, ampio aho. Menatra ny tenako aho na dia ny handeha any an-trano ho an'ny fialan-tsasatra iray aza. Mieritreritra aho, “Oh, masaka ny vokatra, fa vitsy ny mpiasa. An-tapitrisany ireo maty isan'andro ao amin'ny fahotana sy henatra, henoy ireo antsony.” Mandeha any am-pandriana aho any amin'ny alina ary mandre an'ireo mpanompo sampy kely mahantra miantsoantso any amin'ny firenena any. Ahoana fa tonga amin'arivony izy ireo, nihazona ahy, ary—ary nitsangana tany amin'ilay seranam-piaramanidina tany izay tsy maintsy nitondran'izy ireo ny milisy tany mba hisakana azy ireo tany aoriana, mba hihainoana fotsiny ny tantaran'i Jesosy Kristy.

⁴⁷⁵ Nefa isika eto dia afaka miangavy, sy manao filazana ao amin'ny gazety sy ny sisa hafa, ary manana an'ireo toerana tena tsara indrindra mba hipetrahan'izy ireo, ny famalifaliana tsara indrindra miaraka amin'ny fihirana tsara, ho avy izy ireo ka “Oooh, eny, ataoko fa mety tsara daholo izany, fa tsy mikambana amin'ny finoako izany na izany aza.”

⁴⁷⁶ Oh, oadray, mandra—mandra—mandra—pahoviana no mety haharitra izany? Izany tsy. . . tsy tsara izany. Ary eto isika dia manary sakafo an-jatony lavitrisa taonina ao anaty daban-jaoridira, ary manaiky an'izany am-pifaliana ireo olona ireo. Nefa izy ireo dia olombelon'ny tany tahaka antsika ihany. Oadray, isika. . . Eny, izany dia tsy afaka hihetsika ela loatra tahaka an'izany.

⁴⁷⁷ Eny àry, ankehitriny, Iza ilay Ray? Ny Ray sy ny Zanaka dia Iray. Diniho, ao amin'ny Jaona Voalohany 5:7, Iza no voalaza hoe, “Misy telo izay manambara any An-danitra, ny Ray, ny Teny

(izay ny Zanaka) . . . Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina: ireo telo ireo dia Iray.”

478 “Misy telo izay manambara eto an-tany, dia ny rano, rà, ary Fanahy.” Izany ireo singa telo izay avy tamin’ny vatan’i Kristy. Notsindronin’izy ireo ny Lanivohony: nivoaka ny rano, nivoaka ny Rà, “Eo an-Tànanao no Ametrahako Ny Fanahiko.” Eo ianareo izao, izany ireo singa telo. Ireo telo ireo dia tsy iray, fa izy ireo dia *mifanaraka* ao amin’ny iray.

479 Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina; Jaona Voalohany 5:7, dia manao hoe, “Ireo telo ireo *dia* Iray.”

480 “Rano, rà, ary Fanahy dia *mifanaraka* ao amin’ny iray.” Tsy Iray, fa *mifanaraka* ao amin’ny iray. Noho izany ny Ray . . . Ary ny zavatra tokana izay azon’ny vatana atao, rehefa Andriamanitra Izy tenany no afaka mahita, fa tamin’ny alàlan’ny fampijaliana izay nandalovan’io vatana io, dia eo no misy an’ilay fampisa . . . fahatapahana eo mihitsy, hitanareo. Tamin’izany no Ahitany an’io Rà io nitsangana teo Anelanelany sy ny fitsarana. Ity Ny Teniny, nanao hoe, “Ny andro ihinananareo an’izany, no andro ahafatesanareo.” Ary eto Jesosy dia nanao hoe, “Izaho . . . Fa Izaho no naka ny toeran’izy ireo. Hitanao, Izaho no naka ny toeran’izy ireo.”

481 Tsaroanareo ve ilay tantarako indray hariva rehefa nahita ny fahitana ny amin’ilay vehivavy tena ratsy aho izay tao amin’ilay efitra tany? Ary nanameloka azy aho, nanao hoe, “Andriamanitra, nahoana no tsy apoakanao ilay toerana?” Tamin’izay fotoana izay Izy no naneho *tamiko*, hitanareo. Dia nanatona azy aho ary niteny taminy an’izay nitranga.

Ankehitriny, ity ny fanontaniako farany.

64. Mihevitra ve ianao, araka ny soratra, fa ireo Jiosy dia ho . . . hanaiky an’i Kristy mialoha indrindra ny Fampakarana ny Fiangonana?

482 Izaho—izaho—tena mino tokoa aho fa ny Fampakarana ny Fiangonana . . . Hevitra manokana ity, hitanareo. Ary raha nanam-potoana isika, dia ho noraisintsika izany, saingy izao dia—mihoatra ny amin’ny sivy izao ankehitriny. Jereo, tena mino aho fa handray an’i Kristy ireo Jiosy amin’Ny Fihaviany faharoa. Tsarovy ankehitriny, mba hahafantaran’ilay olona an’ity, nohajambaina ny masontsika, na, nohajambaina ny mason’izy ireo mba ahafahantsika hahazo ny fahitantsika. Ny olona rehetra dia mahafantatra, fa ny Soratra dia miresaka ny amin’izany. Marina ve izany? Miteny amintsika i Paoly fa ny . . . fa nohajambaina isika . . . fa nohajambaina ireo Jiosy mba ahafahantsika mandray an’i Kristy. Hitanareo? Ary isika no hazo oliva-dia izay natao grefy tamin’ny alàlan’ny fananganan’anaka tao amin’ilay hazo.

483 Ankehitriny dia ity no hevitra, hanome anareo fotsiny aho . . . Manontany ahy izy ireo hoe, “Mihevitra ve ianao . . . ?”

Ankehitriny ity no fomba heveriko fa hisehoan'izany. Tsy fantatro. Na inona na inona ilay izy, dia azoko antoka fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny Famindrampony, dia ho any isika; hitanareo, nohon'ny Fahasoavany, na inona na inona ilay izy. Mety tsy mahay mamoaka an'izany aho, saingy ity no heveriko. Mino aho fa eo amin'ny fotoana farany isika. Mino aho fa eo am-pifaranana ny taonan'ny Jentilisa izao ankehitriny izao. Mino aho fa eo amin'ny famaranana isika.

⁴⁸⁴ Ary ankehitriny ireo Jiosy; ireto ny zavatra anankiroa izay efa nahadiso foana an'ireo Jiosy: Satria jamba izy ireo, dia tsy afaka mahita an'izany; ary satria ireo Jentilisa, ho an'ny zavatra iray, matetika. . .

⁴⁸⁵ Niresaka tamin'ny Jiosy iray aho tany Benton Harbor, Ranabavy Smith, ary fantatrao ve izay nolazainy tamiko? Tany amin'ny iray amin'ireo Isiraely. . . toeran'ny Isiraely tany. Io fanontaniana mikasika ny fahasitranan'ny lehilahy jamba iray io. Dia hoy izy hoe, “Tsy afaka manapaka an'ireo Jiosy ho. . . Tsy afaka manapaka an'Andriamanitra ho tapaka telo ianareo ka hanome Azy ho an'ny Jiosy iray; manao Azy ho Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Hoy izy, “Tsy afaka manao an'izany amin'ny Jiosy iray ianareo, tsy mpanompo sampy izahay.” Hoy izy, “Izahay dia mino Andriamanitra *anankiray*.” Hitanareo?

⁴⁸⁶ Ary raha manomboka manao an'Andriamanitra ho telo ianareo: Andriamanitra ilay Ray, Andriamanitra ilay Zanaka, ary Andriamanitra ilay Fanahy Masina; dia manajamba Jiosy iray tokoa eo no ho eo ianareo, satria mahafantatra tsaratsara kokoa izy. Mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany izy. Izany dia hanao anareo ho mpanompo sampy azo antoka mihitsy tahaka ny isian'ny fanompoan-tsampy, manana andriamanitra telo ianareo. Tsy maintsy manao azy ireo ho ilay Andriamanitra tokana ihany ianareo, tsy andriamanitra telo izany, izany dia asa telon'ilay Andriamanitra iray ihany. Hitanareo, Andriamanitra dia niasa tao amin'ny maha-Ray, niasa tao amin'ny maha-Zanaka Izy, ary miasa amin'ny andron'ny Fanahy Masina Izy ankehitriny. Izany dia ilay Andriamanitra tokana ihany.

⁴⁸⁷ Izany no antony nanirahana antsika hanao batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina; satria, tsy amin'ny anaran'ny. . . Amin'ilay *Anarana*, tsy ireo anarana; tsy amin'ireo anarana, na amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, amin'ny anaran'ny Fanahy Masina; fa “amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Hitanareo, mahafantatra fa ilay Andriamanitra tokana ihany dia Kristy. Hitanareo, Izy io izany, tsy mety ho hafa izany. Hitanareo? Ary ny Soratra. . .

⁴⁸⁸ Ary—ary amin'izay fotoana izay raha diso ny fanambarantsika, amin'izay fotoana izay dia nampianatra zavatra diso i Petera sy ny sisa tamin'ireo apostoly; satria ny olona tsirairay ao amin'ny Baiboly dia natao batisa tamin'ny

Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Tsy nisy olona anankiray mba natao batisa tamin'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," foto-pampianarana Katolika izany. Afaka manaporofa aminareo an'izany amin'ny alàlan'ny tenin'izy ireo manokana aho, sy ny leksikan'izy ireo manokana sy ny sisa. Fanekem-pinoana Katolika izany fa tsy—fa tsy foto-pampianaran'ny Baiboly. Ary tsy misy olona . . .

⁴⁸⁹ Na dia ilay Mpanjakan'i Angletera aza dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Teo amin'ny eninjato taona taorian'ny fahafatesan'ilay apostoly farany, raha mbola tsy nantsoina akory hoe Angletera aza izy tamin'izany fotoana izany, izy dia nantsoina hoe "Tanin'ny Anjely." [Amin'ny teny Anglisy dia "Angel Land."—Mpand.] Avy tamin'izany no nihaviany, ilay anarana. Natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy.

⁴⁹⁰ Ny nampiova fo azy, dia tsintsina kely iray. Rehefa . . . Raha afaka mieritreritra aho . . . tsy i Masindahy Angelo. Iza moa ilay anarany, ankehitriny? Agadabus [Fanononana tsy azo antoka—Mpand.], Masindahy Agadabus, mino aho fa izay ilay izy. Tsy azoko antoka ilay anarana, ankehitriny. Fa, na ahoana na ahoana, dia nandeha tany izy, ary nentin'izy ireo ny sasany tamin'ireo . . .

⁴⁹¹ Nantsoiny hoe anjely izy ireo satria, ny vahoaka sy ireo Asyriana sy ny sisa dia mainty mangiloilo, fa ireo Anglisy dia nanana volo lava, fotsy, miolanolana, mena volo, ireo Anglo-Saxons, fantatrareo, manga maso. Dia hoy izy ireo hoe, "Mitovy amin'ny Anjely izy ireo," ary noho izany no niantsoan'izy ireo azy hoe "Tanin'ny Anjely." ["Angel Land."—Mpand.]

⁴⁹² Ary ilay—nandeha tany ilay mpanompon'ny Tompo ka nitovy teny tamin'ny mpanjakan'izy ireo, ary izy ireo dia nipetraka teo amin'ny fatana iray lehibe, nisokatra. Namaky ny tantaran'izany aho vao tsy ela akory izay. Ary nanidina niditra tao amin'ilay hazavana ny vorona kely iray dia niverina nivoaka, ary ilay mpanjaka no nametraka ny fanontaniana hoe, "Avy taiza izy ary lasa aiza izy?" Hitanareo? "Niditra tao amin'ny hazavana izy, ary nahita azy isika, ary niverina nivoaka nankao amin'ny aizina izy. Tsy izany ve no lalana alehan'ny olona iray?" hoy izy.

⁴⁹³ "Fa inona izy talohan'ny nidirany teto?" hoy ilay mpitory teny, hitanareo. Izany no nahataitra an'ilay mpanjaka; ka ny ampitso maraina, izy sy ny ankohonany dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Marina izany.

⁴⁹⁴ Noho izany dia inona? Ilay olona voalohany izay hany nofafazana na hany natao batisa tamin'ny fomba rehetra tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," dia tao amin'ny fiangonana Katolika. Ny famafazana voalohany izay hany niseho, dia tao amin'ny fiangonana Katolika. Ny fandrarahana voalohany izay hany niseho, dia tao amin'ny

fiangonana Katolika. Ny fiangonana protestanta dia nanao batisa foana...ao amin'ny Baiboly, ireo apostoly, tamin'ny fanitrihana tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Hatraiza hatraiza. Mitadiava fotsiny toerana iray naha-zavatra hafa azy ireo, hitanareo.

495 Ankehitriny, ao amin'ity, ity fotoana lehibe ity, ireo Jiosy dia tsy afaka...Nanontaniako ilay raby, hoy aho hoe, "Raby, sarotra aminao ve ny hino an'ireo mpaminany?"

496 Hoy izy hoe, "Mino an'ireo mpaminany aho."

497 Hoy aho hoe, "Ao amin'ny Isaia 9:6, inona no tiany lazaina hoe, 'Zaza no teraka ho antsika'? Niresaka an'iza izy?"

498 Hoy izy hoe, "Niresaka ny amin'ny Mesia izy."

499 Hoy aho hoe, "Noho izany dia hateraka ve ilay Mesia?"

500 "Eny, hateraka Izy."

501 Hoy aho hoe, "Noho izany raha tsy maintsy hateraka Izy, Izy dia manana ny...Izy dia hanana reny iray."

502 "Eny, tsy maintsy hanana reny iray Izy. Ary Izy dia tsy maintsy hanana ray iray, ihany koa," hoy izy.

503 Hoy aho hoe, "Tanteraka tokoa. Ary ho sarotra aminao ve ny hino fa izany dia ho...fa Andriamanitra ilay Jehovah Lehibe Izay nanokatra ny Ranomasina Mena, dia tsy afaka hiteraka an'io Zazakely io amin'ny alàlan'ny fahaterahana madio?" Hitanareo? Teo izy.

504 Hoy izy hoe, "Saingy tsy afaka manao Azy ho andriamanitra telo ianao."

505 Hoy aho hoe, "Tsy andriamanitra telo Izy." Hoy aho hoe, "Inona no fifandraisan'ny Mesia amin'Andriamanitra?"

506 Hoy izy hoe, "Ho Andriamanitra Izy."

507 Hoy aho hoe, "Azonao ilay izy ankehitriny. Azonao ilay izy ankehitriny, Andriamanitra Izy." Marina tokoa izany.

508 Noho izany dia niezaka izy ny hiteny tamiko, nanao hoe, "Eny, io lehilahy io dia mpangalatra iray, io Jesosy avy any Nazareta io. Mpangalatra iray Izy."

509 Hoy aho hoe, "Raby, ahoana no naha-mpangalatra iray Azy?"

510 "Eny," hoy izy, "ny soratrareo manokana no nilaza fa 'Nandeha teny amin'ny sahan-katsaka Izy tamin'ny andro Sabata, ka naka an'ilay katsaka.'"

511 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, raby, mahafantatra tsaratsara kokoa ianao...betsaka noho izany mikasika ny Soratra. Ny soratrareo manokana no milaza fa ara-dalàna izany hoe, 'Ara-dalàna ho an'ny olona iray ny mandeha ka mihinana katsaka betsaka arak'izay tiany, fa tsy mametraka an'izany ao anatin'ny kitapony ka mitondra azy.' Ny lalànareo manokana, ny raby."

512 Ary nitsangana vetivety teo izy, izy—izy—nino an'izany izy, satria izy—nijoro vavolombelona izy. Nilaza izy, afaka kelikely, hoy izy hoe, “Eny, inona—inona no nahatonga ny mason'i John . . .” Hoy izy, “Ahoana no nanaovanao an'ilay izy?”

513 Hoy aho hoe, “Tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.”

514 “Ah.” Izy—tsy nahafantatra izy; hoy izy, “Eny, tsy afaka manapaka an'Andriamanitra ho tapaka telo ianao.”

515 Hoy aho hoe, “Izy no ilay Jehovah voaseho tao amin'ny nofo, Raby. Izy . . . Izany no naha-izy Azy, Izy no Jehovah tao amin'ny nofo. Ny Anaran'olombelony Manokana, izany dia ilay Anaram-panavotana, satria tsy misy anarana hafa nomena ety ambanin'ny Lanitra izay hahavoavonjy ny olona, afa-tsy amin'ny alàlan'io Anaram-panavotana an'olombelona io: Jesosy Kristy Tompo. Marina izany. Efa Andriamanitra Izy, Andriamanitra Izy, ho Andriamanitra mandrakizay Izy, marina tokoa izany, Jesosy Kristy Tompo.”

516 Ankehitriny, mino aho fa tsy ho ela ilay fiangonana Jentilisa . . . ny fahatontosan'ilay vatan'ny fiangonana Jentilisa. Ireo varavarana manelanelana . . . Jesosy no nilaza, ao amin'ny Matio 24, (haka an'io Soratra iray io aho mandritry ny iray minitra), hoy Izy hoe, “Hanitsakitsaka an'ireo rindrin'i Jerosalema izy ireo mandra-pahafenon'ny andron'ny Jentilisa.”

517 Diniho ankehitriny. Nolazain'i Jesosy Tompontsika, ao amin'ny Matio 24, fa ho esorina amin'ilay sary ireo Jiosy. Daniela dia nilaza, tany aoriana tany tao amin'ireo mpaminany fahiny, nilaza izy fa 'mbola hisy fitopolo herinandro homena, ho an'ireo Jiosy. Ary ho tonga ny Mesia (ilay Andriana) ary haminany eo afovoan'ireo fitopolo herinandro, izany dia ireo taona fito, ho esorina miala eo afovoany izy. Jereo hoe tanteraka toy ny ahoana ilay izy, Jesosy dia nitory teny telo taona sy tapany marina tokoa ary nohomboana. Fa misy telo . . . Tonga eo amin'ity fanontaniana hafa eto ity mihitsy izany. Mbola misy telo taona sy tapany nomena azy ireo, ho an'ireo Jiosy. Tsy maintsy misy izany.

518 Ankehitriny raha haka ny Apokalypsy ianareo, ny toko faha-7, Jaona dia nahita an'ireo Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy rehetra voaisy tombokase, avy amin'ireo fokon'ny Isiraely roa ambin'ny folo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Kanefa mbola hisy hiseho, amin'ny ho avy.

519 Jereo hoe tsara tarehy toy ny ahoana ilay izy, alohan'ny hamaranantsika ankehitriny. Diniho hoe ahoana—ahoana no andehanan'izany. Ankehitriny, dia nohamaizinina ireo Jiosy ireo.

520 Ankehitriny, ireto Jiosy eto ireto, ny ankamaroan'izy ireo, dia izao fotsiny . . . fantatrareo hoe ahoana izy ireo, izy ireo no mihazona ny haren'izao tontolo izao. Ary izy ireo fotsiny dia—olon'ny vola fotsiny, ary izay ihany no azonareo heverina

amin'izany, hitanareo; ary tena mihambo, sy tsy miraika, ary tsy hihaino. Fa, tsy ireo no Noresahany, raha hanamarika ianareo.

⁵²¹ Ankehitriny, ireo Jentilisa... Diniho ankehitriny, mbola misy telo taona sy tapany tavela ho an'ireo Jiosy ireo. Ankehitriny, Jesosy no nilaza fa ho hitsakitsahan'ny Jentilisa ny tanànan'i Jerosalema mandra-pahatongan'ny andron'ny Jentilisa... (Ankehitriny, ianareo olona izay tsy mino an'ireo andro, ahoana ny amin'izany?)... Mandra-pahatapitry ny andron'ny Jentilisa. Ary rehefa tapitra ny andron'ny Jentilisa (tapitra ny fotoan'ny Jentilisa), amin'izay fotoana izay dia homena ny Jiosy indray ilay tanàna. Ary nandroso Jesosy mba hilaza fa ny taranaka... Hoy Izy, "Rehefa mivoaka ianareo ka mahita ny aviavy mamoaika ny tsimony, ary mitsimoka ireo hazo hafa rehetra," hoy Izy, "dia fantatrareo fa akaiky ny fahavaratra." Hoy Izy, "Toy izany koa rehefa hitanareo miseho ireto zavatra ireto, dia fantaro fa akaiky ny fotoana, eo am-baravarana; ary Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatanterak'ireo zavatra ireo."

⁵²² Ankehitriny, niandry an'izany tao amin'io taranaka io izy ireo hoe, "Io no Noresahany." Tsia mihitsy!

⁵²³ Henoy! Hoy Izy hoe, "Ny taranaka izay nahita an'ilay hazo aviavy namoaka ny tsimony." Diniho ankehitriny, hoy Izy hoe, "Ilay hazo aviavy, sy ireo hazo hafa rehetra." Ankehitriny, amin'ny teny hafa dia, "Hisy fifohazana maneran-tany amin'ilay fotoana." Ankehitriny dia diniho io faminiana io, ahoana no idirany sy ifangaroany tanteraka mihitsy. Diniho ankehitriny. "Ireo hazo hafa rehetra dia mamoaika ny tsimony, mifoha." Ny hazo iray, rehefa mamoaika ny tsimony izy, dia mifoha. Marina ve izany? Ankehitriny, ny olona rehetra dia mahafantatra, ny mpampianatra faminiana, fa ny hazo aviavy dia efa ny Jiosy foana. Fantatsika izany. Ny Jiosy izany. Ankehitriny ny... .

⁵²⁴ Ary jereo Joela, rehefa nandray an'izany indray izy, dia hoy izy hoe, "Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga; izay sisan'ny sompanga, dia nohanin'ny koraika; ary izay sisan'ny koraika dia nohanin'ny..." Raha manamarika ianareo, dia ilay tena bibikely iray ihany mihitsy izany, dingana samihafa: ny kijeja, ny sompanga, ny koraika. Ilay bibikely iray ihany izy rehetra, dingana samihafa an'ny fiainany fotsiny izany. Diniho ankehitriny, io bibikely iray io ihany dia nanomboka nihinana an'io hazo Jiosy io tany aoriana tany, nanapaka azy, ary nanomboka nihinana sy nihinana sy nihinana ary nihinana azy mandra-pahatonga azy ho foto-kazo iray; fa avy eo dia hoy izy hoe, "Izaho no hamerina," hoy ny Tompo, "an'ireo taona rehetra izay nohanin'ny kijeja. Ary Izaho no hanao ny Oloko ho fifaliana." Hitanareo? Ankehitriny, efa lany tanteraka ilay hazo. Natao grefy tao anatin'izany ireo Jentilisa, marina izany. Eny ary, tsy maintsy mitondra voa isika.

525 Ankehitriny rehefa tonga ny fotoana farany, rehefa tonga eo amin'ny farany isika (raha hitako tsara ilay izy), ilay Filazantsara izany: tokony hisy fifohazana lehibe iray hiseho.

526 Ankehitriny, efa fantatrarao ve fa ny sainan'ny Jiosy no saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao? Ary efa natory nandritry ny roa arivo taona izany, mihoatra noho izany, teo amin'ny dimanjato sy roa arivo taona teo. Ilay saina Jiosy, ilay kintan'i Davida misy tendro enina, tsy nikopakopaka mihitsy nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona; hatramin'ilay fandroahan'i—i Babylona. Ary ankehitriny, satria ny Fanapahana Romana no nifehy azy ireo (ary tonga ny Mesia fa nolavin'izy ireo Izy), ka niparitaka nanerana ny rivotra efatry ny tany. Fa efa fantatrarao ve, tamin'ny May fahenina, 1946, dia niverina indray tao Jerosalema io saina io? Efa fantatrarao ve, tamin'ny May fahafito, 1946, dia niseho tamiko ilay Anjelin'ny Tompo (ny ampitso) teto, ary naniraka ahy eran'izao tontolo izao hitondra fifohazana iray? Ny ampitso maraina mihitsy! Rehefa nitsangana tao Jerosalema io saina io, raha nilentika ny masoandro tamin'io tolakandro io, dia niseho teto Etazonia tamin'io fotoana iray io ihany ilay Anjelin'ny Tompo. “Rehefa mahita ny hazo aviavy sy ny sisa amin'ireo hazo mamoaika ny tsimony ianareo!”

527 Firy no mahatsiaro an'ilay Kintana nihantona teto tany amin'ny Renirano Ohio, taona maro lasa izay, rehefa nilaza Izy... Indro mbola eto ny sarin'Izany, rehefa nidina Izy. Hoy Izy, “Ny Hafatrao dia hivoaka ho mpialoha lâlana iray an'ny Fihaviana faharoa, tahaka ny nivoahan'i Jaona mihitsy ho mpialoha lâlana an'ny Fihaviana voalohany.” Ary, jereo, fa miparitaka manerana an'izao tontolo izao ny fifohazana. An'alinaliny sy an'arivony sy an'arivony, ary fifohazana lehibe iray.

528 Ireo mpanaraka lâlana rehetra, sy ireo samihafa rehetra manerana ny firenena, ary ireo fiangonana goavana dia nanao hoe, “Efa tapitra ireo andron'i Billy Sunday.” Fa rehefa nahita ny fiangonana nanomboka nifoha izy ireo (ireo olona tsotra), dia tsy maintsy niaro ny tavany izy ireo. Afaka nandray an'ilay toerana i Charles Fuller, saingy antitra loatra izy; noho izany dia nandeha niaraka tamin'i Billy Graham izy ireo. Ary Andriamanitra naka an'i Billy Graham, na, ny fiangonana Batista no naka, ary tonga nanodidina azy izy rehetra. Nefa i Billy Graham dia mpitory teny tsy antsasak'i Rahalahy Neville, raha amin'ny maha-mpitory teny iray, tsy amin'ny... tsia, velively. Fa inona izany? Tsy maintsy nanao an'izany izy ireo, vondrona izany, ary manodidina an'izany mihitsy ny olona rehetra, miangona manodidina. Milaza an'ilay zavatra iray ihany i Billy. Hitanareo, tsy maintsy nanao an'izany izy ireo. Ary tsy maintsy natao izany mba hahatanteraka ny Tenin'Andriamanitra. Tsy nanana ny Fanahy hitangoronana izy ireo, noho izany dia tsy maintsy naka

ny Teny mba hitangoronana izy ireo; toy izany no nataon'izy ireo. Ary Billy dia mpitory ny Teny, ary tena tsara iray, ka nitangorona izy ireo; koa izany no mametraka an'ireo mpanara-pototra mangatsiaka rehetra ao amin'ny fitangoronany. Fa ilay Vatana ivelan'ny voajanahary, miaraka amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, sy ny hery ary ireo asa sy ny sisa, amin'ny alàlan'ny fahagagan'Andriamanitra, dia mametraka an'ity... ny Fiangonana, ilay Ampakarina nampakarina izay manana ny Solika ao amin'ny Fanilony, mametraka Azy ao anatin'ny fifohazana iray. Hitanareo? Ary manana ny fifohazany ilay fiangonana mpanara-pototra mangatsiaka. Ary indro Isiraely miverina miaraka amin'ny fifohazany.

⁵²⁹ Manana horonan-tsary iray aho any an-tranoko izao ankehitriny izao, *Misasakalina Latsaka Telo Minitra*. Ary manana ny sarin'ireo Jiosy izay miditra isika. Miditra; nahita an'izany tao amin'ny magazina *Look* ianareo. Ary ireo sambo, feno entana, tonga avy tany Iran sy tany; ireo Jiosy ireo dia tsy nahafantatra mihitsy hoe efa teto an-tany Jesosy, lasa tany amin'ny fandroahan'i Babylona tany izy ireo. Izay ihany no mba hany fantatr'izy ireo. Niasa tany izy ireo... nahita an'izany tao amin'ny magazina *Look* ianareo na *Life* sy izy ireo, izay niasa tany niaraka tamin'ny fitaovana tranainy vita tamin'ny hazo. Ary rehefa nahita an'ireo fiaramanidina tonga izy ireo, dia nieritreritra izy ireo hoe, "Ity ilay izy," satria Andriamanitra no niteny tamin'izy ireo hoe "ho any izy ireo, ary ho entina miverina any Jerosalema eo ambonin'ny elatry ny voromahery." Marina izany. Eo izy ireo. Ary hoy ny Jiosy hoe, "Ity ilay izy." Niakatra avy hatrany izy ireo, ary manana ny sarin'izy ireo isika miaraka amin'ny feon'izy ireo manokana, ary nanontany azy ireo; tonga avy tany amin'izao tontolo rehetra izao. Ny sasany tamin'izy ireo dia nibaby an'ireo olony antitra teo amin'ny lamosiny, ary ireo jamba sy kilemaina. Ary nidina ny sambo izy ireo avy tany amin'ny ampahany samihafa an'izao tontolo izao, niditra.

⁵³⁰ Ary nanomboka nitsimpona vato natao tao anaty kitapo izy ireo, avy tamin'ny tany; ary androany dia nahita loharanon-drano izy ireo, izay firenen'ny fambolena lehibe, indrindra eto amin'izao tontolo izao. Ilay Ranomasina Maty no mihazazona ny harena betsaka mihoatra noho ny sisa rehetra amin'izao tontolo izao atambatra. Eo am-piverenana ireo Jiosy; nafenina tamin'ireo Jentilisa izany, saingy mamony tahaka ny raozy iray izy ireo.

⁵³¹ Izy ireo dia nilaza tamin'ireo—ireo Jiosy, hoy izy ireo hoe, "Miverina ve ianareo mba ho faty ao an-tanindrazana."

⁵³² Hoy izy ireo, "Miverina izahay mba hahita ny Mesia. Aiza Izy? Tokony ho eto Izy."

⁵³³ Rahalahy, rehefa mahita ny hazo aviavy mamoaka ny tsimony ianareo, dia hoy Izy hoe, "Tsy ho lany ity taranaka

ity mandra-pahatanteraky ny rehetra.” Jereo ilay fifohazana miaraka amin’ireo mpanara-pototra. Jereo ilay fifohazana miaraka amin’ily Fiangonana. Jereo ilay fifohazana tonga miaraka amin’ireo Jiosy, miandry ny fihavian’ny Mesia izy ireo. Ilay Fiangonana, ilay Fiangonana fenon’ny Fanahy, ilay Ampakarina miaraka amin’ny . . . ireo virijiny miaraka amin’ny solika ao anatin’ny fanilony no hiditra ao amin’ny Sakafon’ny Mpanambady.

⁵³⁴ Hilaza ireo Jiosy hoe, “Ity izany. Io ny Andriamanitray izay nandrasanay.” Io ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsinareo . . . izay nampikorontana an’ireo Russellites. Io ireo Jiosy mitsangana eo izay handray Azy. Hoy izy ireo hoe, “Io ny Andriamanitray izay nandrasanay.” Hahita Azy izy ireo, hanao hoe, “Taiza no Nahazoanao an’ireto? Taiza no Nahazoanao an’ireo holatra eo amin’ny Tànanao ireo?”

⁵³⁵ Hoy Izy hoe, “Azoko tany an-tranon’ny Sakaizako izy ireo.” Marina izany. “Ny tranon’ny Sakaizako.”

⁵³⁶ Inona no Hataony? Ho entina ao amin’ny Voninahitra ilay Fiangonana Jentilisa ary hanambady an’i Kristy ilay Ampakarina.

⁵³⁷ Ahoana no nampahafantaran’i Josefa ny tenany tamin’ny havany? Navoakany niala teo amin’ny fanatrehany ny Jentilisa rehetra. Navoakany tokoa. Inona no hitranga amin’ily sisa nanamborana avy amin’ny taranaky ny vehivavy? Namoaka rano avy tamin’ny vavany ilay dragona mba hiady; hoy Jesosy hoe, “hatsipy any amin’ny maizina any ivelany izy ireo, ary any no hisy fitomaniana sy fidradradradrana ary fikitroha-nify,” ho tonga amin’ily fiangonana Jentilisa ireo ora lehibe an’ny fanenjehana sy fizahan-toetra.

⁵³⁸ Inona no hiseho amin’izay fotoana izay? Rehefa tonga ny fanaovana maritiora, rehefa nanasaraka ny zavatra rehetra tamin’ireo Jiosy ireo Andriamanitra tany, dia hiverina tahaka ny niverenan’i Josefa Jesosy. Rehefa nandre an’i Josefa izy ireo, rehefa navoakany ireo mpiambina azy rehetra sy ny zavatra hafa, ka nahita an’i Benjamina kely sy izy ireo nitsangana teo izy, ary nibakaka izy ireo nohon’ny namonoana an’i Josefa. Nihevitra izy ireo fa hoe namono an’i Josefa, nefa indro izy nitsangana teo anatrehan’izy ireo. Hoy izy hoe, “Izaho no Josefa. Izaho no rahalahinareo.”

⁵³⁹ Tamin’izay fotoana izay dia tena nangovitra izy ireo hoe, “Josefa ity. Fantatsika izy ankehitriny.”

⁵⁴⁰ Rehefa hilaza Izy hoe, “Izaho no Jesosy. Izaho no Mesia.”

⁵⁴¹ Hilaza izy ireo hoe, “Oh, oadray, inona no ho raisintsika ankehitriny!”

⁵⁴² Izany rehetra izany dia natao ho an’ny voninahitr’Andriamanitra. Izany dia tsy ho Izy no . . . Eny, afaka

nandre azy nitomany nanerana ny lapan'i Farao mihitsy izy ireo, nitomany ho azy ireo Josefa.

⁵⁴³ Miandrasa mandra-pahitan'i Jesosy an'ireo Jiosy izay tsy maintsy Nohajambainy ireo mba hamela antsika Jentilisa hanana anjara iray hidirana, izany dia ho ora iray, teneniko aminareo. Haka an'ireo Jiosy ireo Izy, aza manahy mihitsy ianareo, ho voavonjy ireo Jiosy ireo. Eny, tompoko, tsy maintsy ho tonga any. Ary izany no hevitra amin'izany, tsy mety mahita an'izany any an-kafa na aiza na aiza aho ao amin'ny Soratra. Ianareo dia tsy maintsy miambina an'ireo telo ireo miaraka, indray.

⁵⁴⁴ Ianareo dia tsy maintsy miambina an'ilay—ilay virijiny natory, ilay—ilay fiangonana tsotra, ara-pilazana, hitanareo. Ianareo tsy maintsy maneho an'ilay fiangonana. . . Izany hoe, ny Jiosy aloha, ny Jiosy aloha, izay olona nohajambaina fotsiny miandry eo amin'ny ilany. Tsy maintsy maneho an'ilay dingana manaraka ianareo, dia ilay virijiny natory, izay nitarairaiky, ary nivoaka fotsiny ka nandeha nankany am-piangonana, ary nikambana tamin'ny fiangonana, ary olona tena tsara. Avy eo dia tsy maintsy maneho an'ilay Fiangonana ianareo, ara-panahy, ny Fampakarana, ny Ampakarina, mitsangana eo izy. Ireo olona telo ireo, tsy azonareo. . . tsy mifangaro izy ireo, na kely aza. Tsy mitovy izy rehetra. Tsy izay lazain'ny Vavolombelon'i Jehovah hoe, "io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io no Ampakarina"; diso izany. Ireo Jiosy izany, hitanareo. Misy ny Ampakarina, ireo Jiosy, ary ilay virijiny natory. Ary asehonareo izy rehetra ireo, ka manao hoe, "Eny, ao amin'ny toerana samihafa izy ireo." Izy rehetra dia, kilasin'olona telo samihafa. Azo antoka, tsy mety ho izany izy ireo.

⁵⁴⁵ Avy eo rehefa miverina eto an-tany Jesosy. . . Ireo Jiosy, inona izy ireo? Ireo ionoky ny tempoly. Ary rehefa miverina Jesosy, dia tonga *miaraka* amin'ny Ampakarina Izy. Tonga intelo Jesosy: Tonga Izy tamin'ny voalohany mba *hanavotra* Ny Fiangonany, tonga Izy amin'ny faharoa mba *handray* Ny Fiangonany, tonga Izy amin'ny fahatelo *miaraka* amin'Ny Fiangonany. Hitanareo? Marina tokoa. Koa izany rehetra izany dia fihaviana lehibe iray tanteraka, izany rehetra izany dia Andriamanitra lehibe iray tanteraka; izany rehetra izany dia Kristy lehibe iray tanteraka; Fiangonana lehibe iray tanteraka, fanavotana lehibe iray tanteraka, . . . ny zavatra rehetra; tonga trinite iray izany, saingy izany rehetra izany dia ao amin'ny Iray. Hitanareo? Tsy olona telo izany, tsy *izao* telo izany; izany dia Olona iray fotsiny, Fiangonana iray, Vatana iray, Kristy iray, Tompo iray "ao aminareo rehetra, ary amin'ny alàlanareo rehetra," sy ny sisa tahaka an'izany. Ny rehetra dia iray!

⁵⁴⁶ Ny Tompo hitahy anareo. Nihazona anareo tena ela aho.

⁵⁴⁷ Raha sitraky ny Tompo, ankehitriny, raha afaka hiverina indray aho ho an'ny hariva vitsy, na Alahady hariva iray na zavatra tahaka an'izany, raha tsy manana zavatra ao am-pony ny pasitera eto, dia hiezaka aho ny hamaly an'ireto eto ireto. Oh, misy sasany tena tsara eto. Firy no te-handre azy ireo? Oh, tiako fotsiny izy ireo. Mamelà ahy hamaky azy ireo indray, tena haingana mihitsy, alohan'ny hamerenantsika ny fotoana amin'ny pasitera.

⁵⁴⁸ Henoy fotsiny ity. [Mamaly ny fanontaniana valo manaraka Rahalahy Branham ao amin'ny Fizarana III, manomboka amin'ny andalana 668, araka ny fanontaniana nomerao 67 hatramin'ny 74—Mpand.]

Aiza ireo vato no mis-...? Inona no asehon'ireo vato ao amin'ny Apokalypsy, 21? Anankiray tsara izany.

Azavao ireo biby efatra an'ny Apokalypsy 5. Izany no anankiray hafa tsara.

Iza ireo loholona efatra amby roapolo? Izany no anankiray hafa tsara, hitanareo.

Inona no dikan'ilay kofehy jaky an'ny Genesisy 38? Tsaroanareo, nandeha izy ka nitondra ny vinantovaviny ary niaina niaraka taminy toy ny mpivarotena iray; ary nanao an'ilay vidiny ka tonga; ary avy eo rehefa nivoaka ilay zaza, dia nasian'izy ireo kofehy jaky nanodidina ny tànany (nanosika hivoaka izy ary avy eo dia niverina niditra), ilay—ilay anankiray manaraka dia tonga talohany. Oh, anankiray tsara izany; azo antoka fa izany ilay izy.

Inona ireo fanomezana halefa mikasika ny fahafatesan'ireo vavolombelona, ao amin'ny Apokalypsy 11? Izany dia rehefa miverina i Mosesy sy Elia ho an'ny fifohazana ho an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ireo. **Inona ireo fanomezana?** Diniho hoe inona izy ireo, tena tsara izany.

Ho aiza ireo olo-masina aorian'ny arivo taonan'... (anankiray tsara ity, ry tovolahy. Ho...)**...fanjakana? Karazana vatana inona no ho azon'izy ireo?**

Ahoana no hitsarantsika an'ireo anjely?

Ho lasa inona ny volo nohon'ny amin'ireo anjely ao amin'ny Korintiana Voalohany? Ao amin'ny Bokin'ny Korintiana Voalohany. Anankiray tsara, tena tsara.

⁵⁴⁹ Ny Tompo hitahy anareo. Manantena aho fa hamela antsika hivory miaraka ny Tompo ary hiresaka an'ireo zavatra ireo, izany rehetra izany dia ho an'ny Voninahiny. Mety tsy mifanaraka isika eo amin'ny hevitr'izy ireo; saingy hilaza zavatra anankiray aho, raha manana hafaliana betsaka ianareo rehetra eo ampandrenesana azy ireo tahaka ahy eo am-piresahana mikasika azy ireo, dia hanana fotoana mahafinaritra isika. Amena. Amena.

⁵⁵⁰ Eny àry, ho tena tsara aminareo anie ny Tompo ankehitriny. Aza adino ireo fotoana. Ny fandaharan-dRahalahy Neville, ankehitriny, izany dia eo amin'ny WLRP, ny Sabotsy maraina amin'ny sivy ora; ilay Neville feo efatra, ary azoko antoka fa hanao tsara ho anareo izy ireo, alefaso ary henoy izy ireo. Ary raha vitako, raha hiverina ara-potoana aho, na hahita fa hiverina aho, dia hantsoiko ny vadiko; raha avelan'ny Tompo handeha aho ka hahita an-dRahalahy Bosworth antitra malala. Izaho . . . Ianareo rehetra . . . dia hiverina aho ny Alahady hariva.

⁵⁵¹ Ho tsara aminareo anie ny Tompo ankehitriny. Ary rahalahy, pasitera, avia eto iray minitra fotsiny; ary aoka izy no handray ny fotoana. Ary:

Aza manadino ny vavaky ny fianakaviana,
Ao Jesosy no te-hihaona aminao;
Izy no handray ny fiahiana rehetra,
Oh, aza manadino ny vavaky ny fianakaviana.

⁵⁵² Tianareo ve izany? Firy no mivavaka any an-tranonareo manokana? Ndao jerentsika, ny rehetra . . . rehetra . . . Tsara izany, mijanòna akaikin'Andriamanitra. Aoka ho tsara, rankizy madinika, Andriamanitra hitahy anareo.

Eny àry, Rahalahy Neville.



FANONTANIANA SY VALINY MIKASIKA
NY HEBREO FIZARANA II MAG57-1002
(Questions And Answers On Hebrews Part II)

ANDIAN'NY FITONDRANA, LAMINA ARY FOTO-PAMPIANARAN'NY FIANGONANA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 2 Oktobra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org